AVARATSENA AMBOHIDRATRIMO 5

# "VEHIVAVY 2 NALAINA AN-KERINY OLONA IRAY MATY VOATIFITRA"

MARINA IZANY ! 8

MARO NO TAFINTOHINA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7717 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 10 novambra 2023


IZY NO IZY 10

MIARY RAJAONAH

## MPAN-DRAHARAHA TIA MANAMPY NY HAFA



KITRA / BTM FC - SCORPIONS - CLUB M 7

## NINDAOSIN' NY FAHAFA-TESANA I DOMINIQUE R.



HIRAGASY 2

## HO LASA HAREM-BAKOKA ARA-TSAIN'NY OLOMBELONA






FIANAKAVIAMBE IRAISAM-PIRENENA 9

# "MAIKA NY FIFAMPIDINIHAN'NY REHETRA HAMPITSAHARANA NY KORONTANA POLITIKA"

HERIVELONA SAMIHAFA 57 8

# MITAKY NY FANAFOANANA NY



# FIFIDIANANA AMIN'NY 16 NOVAMBRA


VAOVAO

Telma

Mikôzy fô miaraka @MVola

Mikôzy KAIKY

15 min

1 Go INTERNET

48 ora

4 000 Ar

TSINDRIO NY #111*1*1#

TOLOTRA MANAN-KERY @MVOLA IHANY

GCL 669/25-7

MVola

"Hiragasy"

# Ho lasa harem-bakoka ara-tsain'ny zanak' olombelona eo amin'ny UNESCO

*Ny hiragasy dia fitambaran'ny feon-javamaneno, toy ny trompetra, trombonina, lokanga, sns sy hira ary dihy. Matetika dia mitafy malabary miloko mena marevaka sy mipataloa ny lehilahy mpanao hiragasy, fa ny vehivavy kosa mitafy lamba sy akanjo miloko mavokely na maitso na ireo loko marevaka.*



**Ny hiragasy no kolontsaina malagasy faharoa tafiditra anatin'ny harem-bakoka ara-tsain'ny zanak'olombelona eo anin'ny UNESCO, taorian'ny kabary.**

Ny 8 avrily 2022 no nametrahan'ny ekipan'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina ny antontantaratasy momba ny hira gasy teo anivon'ny UNESCO ny antony tokony hametrahana ny hiragasy ho isan'ny harem-bakoka ara-tsain'ny zanak'olombelo. Efa nodinihin'ny komity teo anivon'ny Unesco izy io ary dia nody ventiny ny rano nantsakaina, ka ho tafiditra ho isan'ny harem-bakoka ara-tsain'ny zanak'olombelona eo anivon'ny UNESCO ny hiragasy. Araka ny loharanom-baovao dia ny 4 hatramin'ny 9 desambra 2023 ho avy izao no hivory any Kasane, Botswana, indray io komity faratampony mpandray fanapahankevitra eo anivon'ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny fikajiana na fiarovana ireo harem-bakoka ara-tsain'ny zanak'olombelona (Convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel) io, ka mandritra izany no hiandrasana izany fanapahankevitra izany sy ny fanambarana ofisialy ny maha harem-bakoka ara-tsain'ny zanak'olombelona eo anin' ny UNESCO ny "Hiragasy". Aorian'izany fanambarana ofisialy izany dia ny "hiragasy" no kolontsaina malagasy faharoa tafiditra anatin'ny harem-bakoka ara-tsain'ny zanak'olombelona eo amin' ny UNESCO, taorian'ny "kabary".

**Manana ny mampiavaka azy**

Ny hiragasy na hira gasy dia fampisehoana atrehin'ny vahoaka, izay mitovitovy amin'ny tantara tsangana na teatra atao an-kira. Ny hiragasy dia fitambaran'ny feon-javamaneno, toy ny trompetra, trombonina, lokanga, sns, sy hira ary dihy mampiavaka ny kolontsain'ny faritra afovoan-tany eto Madagasikara, indrindra ny Merina. Atao ankalamanjana na anaty efitrano ny fampisehoana. Matetika dia mitafy malabary miloko mena marevaka sy mipataloa ny lehilahy mpanao hiragasy, fa ny vehivavy kosa mitafy lamba sy akanjo miloko mavokely na maitso na ireo loko marevaka

**Ny zavatra ataon'ny mpihiragasy an-tsehatra**

Hevitra 7 lehibe no voizin'ny mpihiragasy iray rehefa miaka-tsehatra izy. Voalohany amin'izany ny sasintehaka ataon'ny lehilahy fotsiny miaraka amin'ny amponga sy ny lokanga ary tehaka, ny kabary vakisehatra izay manambara fialan-tsiny sy fiarahabana, vavaka ary fisaorana. Ny amin'ny dingana faha-3 vao miditra ny vehivavy. Iarahan' ny rehetra miventy amin' izany ny "Reny hira", izay matetika mitondra fananarana, torohevitra ary fampihavanana any amin'ny andininy faha-4. Kabary anelakelan-kira na fanoharana miafara amin'ny anatranatra ny toko faha-5, ary manaraka azy eo ny "dihy gasy", izay tena anisan'ny ankafizin'ny mpijery. Amin'izao fotoana izao moa dia tafiditra ao anatin'izany ny fanehoana ny dihy malaza amin'ny vanim-potoana iray. Ny andininy faha-7 farany kosa no anehoana ny zanakira, izay hira arahina fihetsika.

Tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany dia tanàna roa no nipoiran'ny mpihira gasy, dia Rakotonanahary no avy any Ambohimamory ary Rainizanamanga kosa no avy any Fenoarivo.

Nampitondrainy ny anarana hoe "Rainizanamanga be tsinjaka" ny anaran'ny tarika. Ny ekipan-dRazafimahefa be tsinjaka avy any Fenoarivo no tarika mpihira gasy voalohany nalefan'ny fanjakana frantsay nanao fampisehoana tany Parisy ny taona 1937.

**Napetraka ny fitsipika**

Tao anatin'ny vanimpotoana nampivaivay ny fihaonan'ny mponina, ny riba amankolontsaina malagasy sy vazaha. Io fihaonana na fifandonan'ny riba malagasy sy vazaha io no tena lasitra namolavola ny hiragasy ho zavakanto hafakely, manana ny maha izy azy tokoa.

Entin'ny mpihiragasy anehoana an-kira, amanjavamaneno, amin'ny dihy sy fihetsika ny finoana sy ny filozofia ary ny fiainana andavanandron'ny sarambabem-bahoaka malagasy, indrindra ireo tantsaha sy vahoaka madinika antanàn-dehibe. Ny fihavanana, fitandroana sy fiarovana ny "Aina Mahavelona" sy ny fanahy maha olona no soatoavina fototra voizin' ny hiragasy.

**Faha-mpanjaka**

Teraka tao anatin'ny tontolom-piarahamonina faha mpanjaka merina ny hiragasy. Niantomboka tamin'ny faran'ny taonjato faha-18 ka hatramin'ny faran'ny taonjato faha-19.

Tamin'ny andron'Andrianampoinimerina no nipoiran' ny hiragasy. Mba hanalehibiazana araka izay tratra ny faritra azo ambolena dia nanamboatra fefiloha ny mpanjaka. Izany no nahatonga ny lemak'i Betsimitatatra. Olona an'arivony no niasa tamin'izany. Ho fampirisihana azy ireo amin'ny asa sy ho fampialana voly dia nandefasan'Andrianampoinimerina mpikabary sy mpihira ary mpandihy mahay teny an-toerana. Fotoana nampideran'ny tarika tsirairay ny mpandihiny sy ny fahaizany izany.

**Nangonin'I Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny fihomehezana matetika sy fitsikiana lalandava dia mitarika fahelana velona ho antsika zanak'olombelona. »

Ny Vetso (17.02.16)

(Souris plus souvent. Ris plus fort! Vis plus longtemps.)

Sombiniaina Fotsiny

# Hanafana ny hetsika "Tana du rire" andiany faharoa



**Hiresadresaka lohahevitra maromaro i Sombiniaina.**

Hotanterahina rahampitso indray ny andiany faharoa amin'ilay hetsika "Tana du rire". Ao amin'ny Ibis Akorondrano amin'ny 7 ora sy sasany no hanaovana azy. I Sombiniaina Fotsiny, ilay mpanao hatsikana iray efa manana ny lazany eo amin'io sehatra io, no nasaina hanafana izany. Ho avy indray ny tenany hanolotra ireo hatsikana mahatsikaiky sady azo lazaina ihany koa fa mifono hafatra ho an'ireo mpihaino azy. Tahaka ny efa fanaony dia hiresadresaka lohahevitra maromaro izy, ka anisan'izany ohatra izao sehatry ny fifidianana sy ny resaka politika mafana eto amintsika izao. Mba hanala ny rarin-tsaina sady mba hampiala voly ny olona no tanjona amin'izany fa tsy ny hifanohitra amin'izany akory. Ankoatra azy dia misokatra ho an'ny rehetra ihany koa ny sehatra amin'ity hetsika ity ka afaka mandray anjara avokoa ny tsirairay. Fotoana iray mba hahafahana miseho sehatra sy mampiseho ny talenta ananana ny tahaka izao ka dia entanina mihitsy ny rehetra handray anjara. Tanjona iray tratrarina amin'ity hetsika ity rahateo izay, ka tsy hijanona amin'io hetsika io fotsiny ny fanomezana sehatra an'ireo talenta vaoava ireo fa mety hisy ny fiaraha-miasa hafa. Maimaimpoana hatrany moa ny hetsika.

**Tanya.R**

Airtel Money sy Société Générale

# Hiaraka hiasa ho an'ny fanamorana ny fifanakalozana ara-bola

"Afindrafindrao", io no anarana entin'ny fifanakalozana arabola Airtel Money mankany amin'ny banky SG madagasiakara na Sg Madagasikara makany amin'ny Airtel Money. Omaly no nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ary efa azo ampiasaina manerana ny nosy ny tolotra "Afrindrafindrao", fiaraha miasa eo amin'ny orinasa roa tonta. Tsotra sy haingana ary azo antoka ny fampisana azy raha araka ny fanazavana. Manindry ny *436*5*3# avy eo antsoina dia arahina ny toromarika rehetra anaty finday dia vita. Tsara ho an'ny olona manana petrabola amin'ny banky SG Madagasikara ny mampiasa ity tolotra Afindrafindrao ity. Voakasika manokana amin'izany ny mpampianatra lavitry ny tanan-dehibe. Hatreto mantsy dia mbola ireo renivohitry ny faritra ihany aloha no ahitana ny Banky Sg Madagasikara, izay miisa 68 eo ho eo, raha tsy latsaky ny 20 000 kosa ny isan'ny "Cash Point" Airtel manerana ny Nosy. *"Fampifandraisana ny kaonty Airtel Money amin'ny Banky Sg MAdagasiakra izy io raha ny marina kokoa, ka na aiza na aiza toerana misy eto Madagasikra dia azo atao ny misintona vola amin'ny alalan'ny Airtel Money eny anivon'ireo " Cash Point" ho an'ireo manana petrabola amin'ny Banky SG Madagasikara. Azo atao ihany koa ny mamindra ny vola avy amin'ny Airtel Money makany amin'ny kaonty ny banky. Misy karazany maro arakaraka ny vola alaina ny saran'ny fifankalozana, fa na izany aza dia hampahafatarin'ny Airtel Money amin'ny alalan'ny hafatra miafina ihany izany. Fa ny sarany ambany indrindra aloha raha ny fanazavan'ny "Directeur Marketing" dia 500 ariary",* hoy Raharilalao, " Directeur Marketing" eo anivon'ny Airtel Madagasikara.



**Tetsy amin'ny foiben'ny Airtel Madagasikara etsy Ivandry no nampahafantarana ny Afindrafindrao tamin'ny fomba ofisialy.**

**Mitovy fijery**

Omaly tetsy amin'ny foiben'ny Airtel Madagasikara etsy Ivandry no nampahafantarana izany tamin'ny fomba oofisialy. Tonga nanatrika izany ireo tale isaky ny sampandraharaha eo amin'ny orinasa roa tonta. Nandritra ny fanadraisam-pitenena dia samy nahatsapa ny rehetra fa mitovy ny fomba fijery eo amin'ny lafiny fivezivezen'ny vola, ka rariny loatra raha teraka ny fiarahamiasa. Nilaza moa i Nitish Gooriah, Tale Jeneraly mpisolo teorana eo anivon'ny Airtel Madagasikara, fa ny fiaraha-miasa amin'ity mpandraharaha ara-bola tahaka ny SG Madagasikara izao dia fanampiana ny mpiara-belona mba hanamorana ny fivezivezen'ny vola, indrindra fa manoloana ny tranga tsy fandriam-pahalemana. Mifanaraka tsara amin'ny tanjon'ny Airtel Afrika ihany koa izany. Tetsy ankilany kosa dia nisoatra ny Airtel Madagasikara i Guillaum Lecompte, talen'ny fifandraisana eo anivon'ny SG Madagasikara, amin'ny fisian'ny fiaraha-miasa, mba hahafahany mampitombo indray ny traikefany eo amin'ny sehatry ny fifanakalozana. Ary indrindra hanomezana fahafaham-po ny mpanjifa ao aminy, indrindra fa ireo mpizaha tany avy any ivelany sy eto anatiny.

**Tiaray**

Miss & mister malagasy any Eoropa

# Hanao asa soa aty amintsika amin'ny volana mey 2024

*Raha ny faritra atsimo nanaraka ny lalam-pirenena faha-7 no nanaovana asa soa tamin'ity taona ity, dia ny faritr'i Menabe kosa amin'ny taona miditra io.*

I Stephanie sy Andy no nandimby an'i Candice sy Alexandre. Ireto farany dia nanateraka asa soa sy nitsidika an'i Madagasikara tamin'iny faritra atsimon'ny Nosy iny tamin'ny volana septrambra 2023 lasa teo. Voafidy tamin'ny 4 novambra 2023 teo kosa i Stephanie (Miss) sy Andy (Mister) hitondra ny anaram-boninahitra mandritra ny taona 2024 izao. Araka ny fanazavan'i Jay Sam Ralantoarison, tomponandraitra voalohany amin'ny fikarakarana ity fifaninanana goavana ity. Efa manomboka manangona indray izy ireo manomboka izao, hoentina manao asa soa aty an-tanindrazana amin'ny taona miditra io. Toerana hafa indray no efa voasoritra mialoha hanatanterahan'izy ireo izany. Ny faritr'i Menabe iny no hotetezin'izy ireo mandritra ny 10 andro, izay hatontosaina amin'ny volana mey 2024 raha ny vinavinan'ny programan'izy ireo. Manomboka ao Miandrivazo ka hatrany Morondava, mipaka any Bekopaka sy Tsiribihina. Raha hiverenana kely dia nanomboka tamin'ny 2010 ity hetsika ity, izay nahafahana nanangona olona an'aliny tany, Nanterre, araka ny fanazavan'i Sam Ralantoarison hatrany. Feno 13 taona izany ankehitriny, izay tsy mijanona amin'ny endrika ivelany amin'ny bika sy endrika fotsiny, fa hatrany amin'ny aty fanahy mihitsy. Porofoin'izy ireo amin'ny fanaovana asa soa sy fampahafantarana ireo tanora ny hakanton'i Madagasikara, (miova isan-taona ny toerana tsidihana). Maro ny lalam-bola entin'izy ireo manohana ny hetsika, ka anisan'ireny ny "Tohan'aina" (nanomboka 2020) nentina nanampiana ireo sahirana eto Antananarivo. Ramatoa Julie Razanatsimba no tompomarika amin'izany. Eo ihany koa ny tap tap send sy ny Sidina 78, ity farany izay tena manampy betsaka amin'ny fampanjariana ity hetsika ity.



Izy mianadahy ireto indray no ho avy aty amintsika.

**Nangonin'i Fy**

Mialy Rakotomamonjy

# Hanolotra rindran-kira fiderana ao amin'ny FJKM Mandrosoa Ilafy



Am-pifaliana hatrany no hanaovan'i Mialy Rakotomamonjy izao hetsika izao.

Hankalazaina amin'ny alahady 12 novambra ho avy izao indray ny fetin'ny taranaka ao amin'ny FJKM Mandrosoa Ilafy . Mba hoentina manamarika izany dia hisy ny rindran-kira fiderana iarahana amin'ny tarika Mialy Rakotomamonjy. Tapak'andro hariva manomboka amin'ny 2 ora tolakandro izany no hatao. Ho avy hanafana ny sehatra sy mba hampahery ireo taranaka ny tarika amin'io. Anisan'ny asa iray efa fanaon'ny tarika hatramin'izay mihitsy moa ny tahaka izao. Maro ireo fitandremana miantso azy ireo hanao ny asa fampaherezana an-kira ka dia azo antenaina fa hahafinaritra hatrany ny seho hatolotr'izy ireo. Asaina avokoa ny rehetra, eny fa na tsy taranaka aza, fa natao maimaimpoana ny hetsika. Ny tapak'andro maraina kosa no hisy ny fotoam-pivavahana sy fiarahana misakafo. Asaina ho avy avokoa moa ny taranaka rehetra, satria dia indray mandeha isan-taona ihany no misy izao fihaonamben'ny taranaka izao, fa hoy indrindra ny soratra masina izay teny filamatra nofidina amin'ity fankalazana ity hoe: "Fa voninahitra sy laza ary fiadanana kosa ho an'ny olona rehetra izay manao ny tsara." (Rom 2:10a).

**Tanya R**

## "ZOMA MANIFIKA"

# Ho any amin'i Les Talenta sa Tovo J'Hay ?

*Ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika isika izao. Maro ny fomba fiantsoan'ny mpialavoly azy io. Ao ny miteny hoe " zoma mahafinaritra ", " zoma manifika ", " after work ", sy ny maro hafa. Ireo mpiasa no matetika mpanjifan'io fialamboly io. Ho an'ny eto an-drenivohitra, ireto tarika roa ireto izao no malaza. Hijery an'i Les Talenta sa hiaraka amin'i Tovo J'Hay ? :*

Les Talenta

## Eny amin'ny Espace Dera Tsiadana



Raha vao miresaka hoe Les Talenta. Ny fampiarahampeon-dry Mbola Talenta, Fanilo Poppin's, Inah ary Mirana (Ikalavazo) izay ! Tao anatin'ny herintaona mahery teo ho eo izy efatra mianadahy ireo no tafaray tao anatin'ny mozika iray. Fivoizana ny kalon'ny fahiny, kalon'ny omaly ka hatramin'ireo folk sy ireo tsy tontan'ny ela samihafa. Tao amin'ny Piment Café Behoririka no nandrenesana azy ireo voalohany, fa efa tafita hatrany ampitandranomasina ny lazany. Anio, ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika. Hihaona amin'ny mpankafy azy ireo eny amin'ny efitrano malalaky ny Espace Dera ry « Les Talenta ». Hanomboka amin'ny 7 ora hariva ny fiarahana amin'ireto talenta efatra anisan'ny kalaza eto amintsika ireto ao an-toerana. Tsy voafetra ny fiarahana, fa ny fantatra dia hoentiny mitety ireo karazan-kira tsy lany hamamiana izay rehetra tonga ao antoerana anio hariva.

Tovo J'Hay

## Hanafana sehatra ao amin'ny Pim's Behoririka

« *O ! zoma* ». Hira anisan'ny ankafizan'ny maro an'i Tovo J'Hay, mandoko ny fiarahan'ny tanora sy ny namana mialavoly rehefa faran'ny herinandro, indrindra ny zoma manifika toy izao io. Izay tontolo voalazany izay no hitaomany ny mpialavoly etsy amin'ny Piment Café Behoririka, anio ao anatin'ny zoma mahafinaritra. Hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina ny fiarahana amin'ity kintan'ny hiram-pitiavana ity, ka tsy voafetra ny fiarahana ao anatin'izany. Amin'ny maha « show » azy, ny vazony no omeny laka mandritra ny fiarahana ao antoerana. Manomboka hatrany amin'ny « *Tsy misy toa anao* » sy « *Teny mamy* », izay nitaiza sy namolavola mpifankatia sy tokantrano maro. Ka hatramin'ireo hira vaovao navoakany tato ho ato. Rehefa « cabaret » toy izao, ireo hira tena nanamarika ny fiarahany tamin'ireo mpankafy azy no homeny vahana kokoa mba hampanjaka ny fampiarahaham-peo sy hampafana ny fiarahana.



**Nangonin'i Fy**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 685/17-1)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 687/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 687/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 687/6-1)

### MIVIDY

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 674/20-19)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 668/24-23)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 673/20-19)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 684/10-2)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 683/10-2)

Mananara Avaratra

# Tratra ilay tovolahy nangalatra "IPhone 14 pro max" an'ny mpanakanto Annicette

*Nisy "localisation" tamin'io finday io , ary hita ny toerana nisy izany.*



Ny mpanakanto Annicette sy ilay polisy tao Mananara nahazo ny vokatra.

Nandritra ny fampisehoana nataon'ny mpanakanto Annicette tao Mananara Avaratra no very ny poketrany, ny herinandro lasa teo. Efa hadiva maraina ny andro tamin'io fotoana io no nisy lehilahy iray hafahafa fihetsika, nijery fampisehoana. Betsaka ny mpankafy an'i Annicette no niaraka naka sary teo ka tamin'izany no nararaotra nangalatra an' ilay poketra ilay tovolahy. Lasa niaraka tamin'ilay entana ny karatra banky na "carte bancaire", ny taratasy familiana fiarakodia, karapanondro, ary vola 5 hetsy ariary sy ny portefeuille rehetra. Anisany goavana tao ny finday iray avo lenta "IPhone 14 pro max". "Faly tanteraka aho nahita an'ireo fitaovana ireo" : hoy i Anicette rehefa tratran'ny polisy ilay mpangalatra. Nanazava izy fa anisan'ny nanampy azy ny fanaovany "publication" mikasika ity tranga ity tao anaty tambajotra serasera facebook. "Ny olona rehetra samy nahita ny "publication" nataoko. Sarotra tamiko ny nahaverezan'ny entana ary nampanantena aho hoe izay mahita izay dia homena valisoa. Niparitaka vetivety ilay izy ary nisy olona tsara sitrapo naheno ny nangalatra an'io entana io. Niara-niasa tamin' ireo mpitandro filaminana ihany koa ny tenako. Nisy "localisation" tamin'io finday io, ary hita ny toerana nisy izany. Anisan'ny niezaka nanampy ihany koa ny polisim-pirenena tao amin' ny kaomisaria Mananara avaratra ka hita ilay entana. Eto aho dia misaotra anareo rehetra. Mikasika ilay vali-soa vola 3 tapitrisa ariary kosa dia tsy maintsy hotanterahiko iny, satria efa notenenik o", hoy ny mpanakanto Annicette. Marihina fa ny herinandro lasa teo no very ireo entana ireo. Ilay tovolahy nangalatra azy kosa efa tazomin'ny polisy ao Mananara Avaratra. Mandeha ny famotorana ny raharaha ary hiakatra fampanoavana tsy ho ela.

**Ariel D.**

Ankazoabo

# Dahalo 18 lahy nangalatra omby, raikitra ny fifampitifirana

Nitrangana halatra ombytao amin'nyfokontany Andraoboka, distrikan'Ankazoabo, ny faran'ny herinandro lasa teo. Omby am-polony no nalain'ireo dahalo 18 lahy nirongo basy tao amin'ity kaominina ity tokony ho tamin'ny 9 ora alina tany ho any. Nanao ny fanarahan-dia avy hatrany ny mpitandro ny filaminana ka nisy ny fifampitifirana. Vokatr'izany dia omby 17 no latsaka. Izany hoe tafaverin'ireo miaramila amin'ny tompony taorian'ny fanarahan-dia. Raha ny fanazavana dia 10 lahy tamin'ireo olon-dratsy ireo no nitondra fitaovam-piadiana.

**Fikarohana**

"Nahazo antso avy tamin'ny lasibatra izahay fa hoe nisy naka ny ombiny tao anaty vala tao amin'io tanàna voalaza etsy ambony io. Tsy fantatra mazava ny isan'ireo omby ireo fa sahabo ho 20 omby eo ho eo, hoy ilay tompon'omby. Nanara-dia avy hatrany ny miaramila sy zandary ka nahitam-bokany", hoy ny loharanom-baovao avy any an-toerana. Ny talata teo tokony ho tamin' ny 5 ora hariva no nifankatratra ny mpanara-dia sy ireo olon-dratsy. Nisy ny fifampitifirana tao anatin'ny ora maromaro ka resy tosika ireo tsy mataho-tody ireo. Marihina fa efa naverina amin'ny tompony avokoa ireo omby ireo. Mitohy kosa ny fikarohana ireo dahalo, izay mbola tafatsoaka.

**Ariel D.**

Mahasolo

# Dahalo roa lahy maty voatifitra

Dahalo roa lahy raindahiny malaza ho mpanao fanafihana ao Mahasolo sy ny manodidina no maty voatifitry ny zandary, ny alarobia 08 novambra lasa teo. Rehefa avy nanao ny asa ratsiny tany amin'ny kaominina Tampinala izy ireo no nifanehitra tamin'ny mpitandro filaminana tao Tsaravehivavy, kaominina Mahasolo, disitrikan'i Tsiroanomandidy. Voatifitra teo amin' ny tongony ny iray ary mbola tafitsaoka ihany izy roa lahy. Natao ny fikarohana ka nisy olona tsara sitrapo nanome ny vaovao ka tra-tehaka tao amin'ny tanànan'Amparihimaromainty, kaominina Mahasolo, ihany izy roa lahy ireo. Nentin'ny mpitandro filaminana tamin'ny môto, saingy rehefa tonga teo amin'ny tanàna kely iray tsy lavitra dia nitsaoka nandositra indray. Voatery nitifitra ireo miaramila ka maty tsy tra - drano ireo dahalo ireo. Manjaka ny asan-dahalo any amin'iny kaominina Mahasolo sy ny manodidina iny.

**Rablaise**

Soavinandriana

## Jiolahy 4 voasambotra, iray maty voatifitra

Tra-tehaky ny mpitandro ny filaminana ireo dahalo mpanao fanafihana mitam-piadiana tao amin'ny distrikan'i Soavinandriana iny. Efatra no voasambotra, niaraka amin'ny basy sy ody ratsy fampiasainy.Anisan'ny voatazona voalohany ilay lehiben'ny dahalo iray fantatra amin'ny anarana hoe Rado. Ity farany izay lavon'ny miaramila ny faran'ny volana oktôbra lasa teo, tao Ambatofotsy. Tompon'antoka tamin'ny fanafihana mitam-piadiana tao amin'ny distrikan'i Soavinandriana izy, raha ny angom-baovao voaray. Maro araka izany ireo voalaza fa mpiray tsikombakomba taminy ary natorony ny toerana misy an'ireo dahalo namany. Natao ny fikarohana an'ireo dahalo voatonona ireo. Niaraka nanatanteraka ilay iraka ny miaramila sy ny Zandary. Vokatr'izany dia tratra tamin'ny alahady teo tao Amparihibe Imanga ny olon-dratsy iray antsoina hoe Resana Rediasy. Nandritra ny fisamborana azy dia nahitana basim-borona roa sy bala telo teny aminy. Nentina natao famotorana avy hatrany tao amin'ny tobin'ny zandary ao Ambatoasana afovoany io jiolahy io. Nitohy hatrany ny fikarohana ireo dahalo ambiny ka roa hafa indray no tratran'ny miaramila nandritra ny fisafoana tao amin'ny kaominina Tamponala, ny alarobia teo.

**Mampanofa**

Nikasa handositra ireto olon-dratsy raha iny nentina hatao fanadihadiana tao tobin'ny zandary ao Mahasolo iny. Noho izany dia voatery natao ny fanenjehana ka tsy maintsy nampiasa fitaovam-piadiana nitifirana azy ireo mpitandro ny filaminana. Efa nanao antso fampitandremana ihany izy ireto saingy mbola nanohy ny diany nandositra ilay jiolahy ka lavon'ny bala. Mbola mitohy ny fanadihadiana ny raharaha. Araka ny fanazavana dia misy olona miray tsikombakomba amin'ireto dahalo ireto, mpandray sy mpividy ireo omby halatra, mampanofa basy ihany koa.

**Ariel D.**



Iray amin'ireo dahalo voasambotra.

Saovinandriana Itasy

## Lehilahy maty nilatsahan' ny varatra

Lehilahy tokony ho 37 taona no maty nilatsahan'ny varatra ny talata lasa teo tao Antandrokomby, kaominina Mahavelona, distrikan'i Soavinadriana, faritra Itasy. Raha ny loharanom-baovao dia olona efatra no nadeha tany antsaha. Nony hariva ny andro dia nody sady nandraoka sarety izy ireo. Nikija be ny orana ary nilatsaka ny varatra, ka izao nahafatesana lehilahy iray izao. Ireo namany kosa tsy nisy naratra.

**Rablaise**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Avaratsena

# Vehivavy 2 nalaina an-keriny, olona iray maty voatifitra

*Efa votsotra avokoa ireo olona ireo rehefa nandoa ny vola notakian'ireo jiolahy.*

Nisy tranga fakana an-keriny ihany koa tao Avaratsena- Sahalemaka, distrikan'Ambohidratrimo, ny alahady alina lasa teo. Jiolahy maromaro nirongo fiadiana no nanafika tao amin'io tanàna io. Sady nandroba ireo jiolahy no naka olona an-keriny ary nirefodrefotra ny basy. Vokany, lehilahy iray no maty voatifitra ary vehivavy roa, roapolo taona sy enimpolo taona, no nalain' ireo jiolahy an-keriny nentiny nanaraka azy. Tonga tany an-toerana nijery ifotony ny zava-nitranga avy hatrany ny mpitandro filaminana raha vao nahare ny vaovao. Mbola nahitana vodim-bala calibre 12 teo amin'ilay toerana. Niroso tamin'ny fanadihadiana sy ny fikarohana ny mpitandro filaminana. Voalaza fa nisy ny fitakiam-bola nataon'ireo jiolahy tamin'ny fianankaviana.

**Nisesisesy**

Raha ny fanazavana azo hatrany dia efa navotsotr' ireo jiolahy omaly maraina ireo olona nalainy an-keriny ireo rehefa nandoa vola mitentina 15 tapitrisa Ariary ny fianakaviany. Dimy andro teo izany no nitazonan'ireo jiolahy azy mianaka ireo ary izao tafaverina soa amantsara any amin'ny fianankaviany izao. Tsy mifidy olona halaina intsony mihitsy ry zalahy, satria efa nahazoazo taona ihany ilay ramatoa nalain'ireo mpaka ankeriny io. Efa mandeha moa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana mikasika ity raharaha ity. Voamarika fa nisesisesy indray ny fakna olona an-keriny tato ho ato. Vao tsy ela akory ilay tranga tany Mahavelona- Ankazobe iny, izay olona fito be izao no nalain' ireo dahalo an-keriny. Toy izany koa ny tranga tany Maevatanana, izay nisy iray novonoin'ireo olon-dratsy mihitsy rehefa tsy naharaka azy ireo teny am-pandosirana satria narary tongotra ilay rangahy.

R.C

Vohipeno

# Trano 15 kila hotohoton'ny afo

Nisehoan'ny haintrano tany amin'ny fokontany Voasary, ao anatin'ny kaominina Ivato, any amin'ny distrikan'i Vohipeno, faritra Fitovinany, ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro. Trano 15 no hotohoton'ny afo tamin'io fotoana io. Tao amin'ny tokantrano iray no nipoiran'ny afo ka niampita tamin'ny trano teo akaikiny izany ka nahamay ireo trano ampolony ireo. Tsy fantatra mazava aloha izay tena antony nahatonga ny firehetana tao fa raha araka ny fanazavana dia tsy tao an-tranony ny tompon'io trano niavian'ny afo io. Ny afo efa niredareda no hitan'ny olona avy eny ivelany ka nifarimbona nanao izay ho afany tamin'ny famonoana afo izy ireo.

**Nitatra**

Na izany aza anefa dia tsy voasakana ny lelafo ka nitatra tany amin'ny trano manodidina azy. Tsy voafehy intsony izany ka ireo nahatratra 15 ireo ny trano lasibatry ny afo. May tsy nisy azo noraisina ny entana rehetra tao amin'ireo trano ireo, toy ny fanaka, kojakojan-tokantrano ary lasa lavenona hatramin'ny antontan-taratasy isan-karazany. Soa aloha fa tsy nisy naratra na namoy aina nandritra ny firehetana. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana taorian'izay ka omaly maraina no nidina tany an-toerana ny zandary avy amin'ny tobim-paritra Vohipeno. Araka ny fanazavana azo dia 68 no isan'ireo traboina. Mbola tsy fantatra kosa ny tombambidin'ny fahavoazana. Taorian'ny loza moa dia efa mipetraka amin'ireo tapaka sy namana mpiara-monina aminy aloha ireo olona tsy manan-kialofana ireo.

T.H

Ambohidratrimo

# Mpanendaka, mpifoka rongony, mpamaky trano 14 lahy voasambotra

Manao hetsika fanadiovana tanàna amin'ny alalan'ny famongorana ireo mpanao ratsy sy ady amin'ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina ny zandary ao anatin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Nahitàm-bokany izany, satria tao anatin'ny herinandro dia efatra ambinifolo mirahalahy no voasambotra. Tafiditra ao anatin'izany ny mpifoka rongony, ny mpanendaka sy mpanao sinto-mahery ary ny mpamaky trano. Anisan' ny nahazoana ireo vokatra ireo ny zandary tao Mahitsy, ny tany Ampanokana, ny teny Mandrosoa-Ivato, teny Ambohibao, teny Ambohitrimanjaka ary tao Ambohidratrimo. Fantatra fa antony iray mahatonga ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana ny fidorohana zava-mahadomelina ka tsy maintsy fongorina. Saika ireo tanora no tena voasarika amin'izany ary tanora daholo ihany koa no ankamaroan' ireto voasambotra ireto. Tsy mijanona hatreo moa fa mbola mitohy hatrany ity hetsika ataon'ny zandary ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo ity mba hisian'ny fandriam-pahalemana amin' iny faritra iny. Na efa manao ny ezaka rehetra aza anefa ny zandary dia tsy kely làlana ny ratsy ka izany indrindra no ilàna ny fiaraha-miasa amin'ny rehetra. Noho izany dia tokony tsy hisalasala hampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany raha vao misy tranga mampiahiahy miseho mba hahafahana misoroka sy misambotra ireo mpanao ratsy.



Ampahany amin'ireo olona voasambotra !

R.C

Anosibe sy Anosizato

# Mirongatra ny fanendahana na andro na alina

Mihorohoro tanteraka ny mponina sy ny olona mifamezivezy eny amin'ny faritra Anosibe sy Anosizato iny amin'izao noho ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana, indrindra fa ny mpanendaka. Tsy misy andro sy alina intsony mihitsy ny asa ratsin'ireo mpanendaka fa dia manao ny ataony hatrany izy ireo na anaty vahoaka sy andro antoandro be izao aza. Maro no efa lasibatra tamin'izany na lahy na vavy. Anisan'ny tena famelezan'ireo mpanendaka ny ao amin'ny tsenan'Anosibe, ny eny amin'ny fiantsonan'ny taksibe, ny lalana mihazo an'Anosizato Atsinanana rehetra iny. Manao andiany mihitsy ireo mpanendaka ka misy ny manara-maso ny olona hasiany fotsiny. Ao ireo mirotsaka an-tsehatra manao ny asa ratsy ka mody manaraka avy aoriana, dia mangarona poketra na paosy, na tonga dia manao sinto-mahery tsotra izao. Ireo mpandeha an-tongotra tratra hariva mibaby kitapo sy mitondra poketra ihany koa no tena ataony lasibatra. Misy ireo mandrahona amin'ny antsy mihitsy mba hahazoany izay tadiaviny. Misy aza ireo toerana ahitana mpitandro filaminana saingy tsy mampihetsi-bolomaso an-dry zalahy akory izany. Tsy misy afa-tsy ny mailo sy mitandrina hatrany ihany sisa azo atao. Any an-trano mitaintaina amin'ny jiolahy sy ny mpamaky trano, eny an-dàlana mihoroho amin'ny mpanendaka.

R.C

Lalam-pirenena fahaefatra

# Taksiborosy roa voatora-bato, olona efatra naratra

Manomboka miseho indray ny fanafihana taksiborosy any amin'ny lalam-pirenena. Tamin'ity fiandohan'ity herinandro ity izao dia taksiborosy roa mandeha amin' iny lalam-pirenena fahefatra iny no lasibatry ny asa ratsin'ireo jiolahy ka naharatrarana olona efatra tao anaty fiara. Araka ny fanazavana azo dia iny nandeha teny an-dalana iny ireto fiara fitateram-bahoaka ireto no sendra ireo olon-dratsy. Norarafan-dry zalahy torabato teny amin'ireo fiara. Vokatr'izany dia vaky ny fitaratr'ireo fiara ireo. Niantefa tany amin'ireo mpandeha ihany koa ny vato natoraka ka efatra tamin'izy ireo no naratra. Fa na dia izany aza dia tsy nahatafajanona an'ireo fiara mpitatitra akory izany fa mba afaka nanohy ny lalany soa aman-tsara ihany izy ireo. Tsy nisy voaroba araka izany ireo fiara ireo fa tody soa aman-tsara tany amin' ny toerana nandehanany. Tsy nahatanteraka ny fanafihana saika nataony ireo jiolahy. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-niseho ny mpitandro filaminana taorian'izay ka nisy ny zandary nasaina nanaraka ireo fiara lasibatry ny jiolahy ireo. Efa mandeha ny famotorana sy fikarohana ireo olon-dratsy. Fa ankoatra izay, dia taksiborosy iray hafa ihany koa no lasibatry ny fanafihan-jiolahy tany amin'ny lalana mampitohy an'i Betanatanana sy Maintirano omaly.

T.H

Farafangana

# Dahalo nirongo basy sy zava-maranitra nanafika, olona iray maty

Nisehoana fanafihan-dahalo ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany alina tany amin'ny toerana antsoina hoe Andondo, fokontany Emikaiky, any amin'ny kaominina Fenoarivo, distrikan'i Farafangana. Araka ny fanazavana dia andian-dahalo tsy voafaritra isa no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Fantatra fa nitondra basim-borona sy zava-maranitra izy ireo. Vantany vao tonga teo antanàna ry zalahy tonga dia namantana avy hatrany tany amin'ny toerana misy ireo omby. Tsy nahita omby tao amin'io vala io anefa ry zalahy satria efa mailo ny tompony ka efa nafindrany eny amin'ny valabe eny Fenoarivo ireo ombiny nipetraka tao. Efa misy biraon'ny zandary rahateo efa telo volana lasa izay eny amin'io toerana namindrana ny omby io.

**Niantso vonjy**

Tsy nisy sahy nivoaka mihitsy ny mponina nandritra ny fahatongavan'ireo dahalo tao fa rehefa lasa ry zalahy vao nisy niantso vonjy. Dia nisy avy hatrany ny fanarahan-dia an'ireo dahalo nataon'ny fokonolona. Nifanehatra ny roa tonta ka nisy ny fifandonana teo amin'izy ireo ka voatifitra teo amin'ny tongony ny lehilahy iray 25 taona, iray tamin'ireo fokonolona. Noho ny fahaverezan-drà be loatra dia nitarika tamin'ny fahafatesany izany. Nanohy nitsoaka ireo dahalo avy eo. Marihina fa tsy nisy zavatra azon'ireo olon-dratsy nandritra ny fanafihana.

T.H

Fanondranana volamena

# Nametrahana birao manokana eny Ivato

*Hanara-maso ny fanondranana harem-pirenena sy ny fampidirambolam-panjakana.*

Misokatra ny fahafafahana manondrana volamena mankany Ivelany. Notokanana tamin'ny fomba ofisialy omaly tao amin'ny MBC (Mining Business Center) Ivato ny birao tokana miandraikitra ny fanondranana volamena ara-dalàna. Hita ao avokoa ireo sampandraharaha manana andraikitra ao anatin'izany, toy ireo rantsa-mangaikan'ny Ministeran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika, ny hetra, ny fadintseranana, ny mpitandro filaminana, ny Finex, sns. "Tamin'ny taona 2016 vao tena nisy ny antontan'isa ofisialy tamin'ny fanondranana volamena taorian'ny fametrahana ny ANOR (Agence Nationale de l'Or). 584 kilao (Kg) no naondrana ofisialy tamin'io taona io. 2 834 Kg tamin'ny 2017, 3 051 Kg tamin'ny 2018, 2 441 Kg tamin'ny 2019, ary 1 938 Kg tamin'ny 2020. Natsahatra ny fanondranana volamena tamin'ny volana septambra 2020, satria tsy nisy fampodiana vola vahiny avokoa ny ankabeazan'ireo. Tafiditra ao anatin'ny fanavozana entin'ny fanjakana hanatsarana ny fanaraha-maso ny fanondranana ny harempirenena sy ny fampidirambola avy aminy, araka izany, ny fametrahana ity birao ity, no sady hanamora ny dingana arahin'ireo mpandraharaha amin'ny fanondranana ataony.", hoy Rakotomalala Olivier Herindrainy, minisitry ny harena ankibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika. Mpandraharaha enina no nambaran'ity minisitra ity fa efa nahazo ny fankatoavana hanondrana volamena aradalàna nanomboka ny volana septambra lasa teo.



Ireo lehiben'ireo sampandraharaha miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Harena an-Kibon'ny tany eny Ivato.

**R. Muray**

Stephanie Floriana (Miss Malagasy any Frantsa)

## Ny ho tonga tale artistika no tanjony



Izy no Stephanie Floriana.

Stephanie Floriana Randriantsoa. Izy no andriambavilanitra voafidy hisalotra ny anaram-boninahitra Miss Malagasy any Frantsa, tamin'ireo tovovavy 14 nifanintsana taminy (araka ny voalaza etsy ankilany). Teraka tamin'ny 6 septambra 2000 ny tovovavy, izany hoe 23 taona ankehitriny. Mirefy 1m65 ary milanja 61 kg i Stephanie. Mipetraka any Strasbourg Frantsa izy. Manana maripahaizana ambony Bacc+4 amin'ny taranja fitantanana izy, saingy ny ho tonga tale artistika no tanjony amin'ny fiainana. Manao fitness sy boxe thailandaise no fanatanjahantena ataony, fa ny mandihy, mamaky boky, mihaino mozika sy mihira no fialamboliny. Ao anatin'ny tetikasany ny hanampy ireo tanora nahavita fianarana eto Madagasikarana nefa tsy mahita asa mifanaraka amin'ny sandany.

Araka ny fanadihadiana natao mikasika an'i Stephanie Floriana, avy eto Antananarivo ny fiaviany. Lehibe teny amin'ny faritra iva, Andavamamba sy Manaritsoa iny ny ray aman-dreniny. « *Koa rehefa mitsidika an'i Madagasikara i Stephanie dia fahafinaretana ho azy ny mitsidika ireny toerana ireny matetika. Satria zana-bahoaka, ary sahy mijoro amin'ny fiaaviany ! Te hampiseho izy fa afaka mivoaka ary afaka mandeha lavitra amin'ny fiainana ny olona avy eny ambany tanàna* », hoy ny voalazan'i Malm Martiora anatin'ny fesibokiny.

Antenaina fa tsy ho ela dia ho tonga eto amintsika hanao asa soa indray i Stephanie Floriana.

**Fy**

Andy (Mister Malagasy any Frantsa)

## Ny ho tonga mpandraharaha aty amintsika no tanjony




I Andy no nandimby an'i Alexandre (2023).

Andy Rasolo. Izay no anaran'ilay tovolahy voafidy hisalotra ny anaram-boninahitra Mister Malagasy any Frantsa. Teraka tany Parisy tamin'ny 3 novambra 2000 izy, izany hoe 23 taona ankehitriny. Teratany malagasy avy eto Antananarivo ny rainy fa teratany martinika kosa ny reniny. Mirefy 1m81 ary milanja 71 kg ny tovolahy, mipetraka any Melun. Tia mozika sy fanatanjahantena ny lehilahy, ka anisan'ireny ny kitra, rugby, handball, atletisma ary ny boxe. Manana diploma Bacc+ 2 izy ary efa miasa amin'ny zotram-pitaterana SNCF, saingy maniry ny ho tonga mpandraharaha aty Madagasikara. Nambarany fa tsy entina mifidy izay mpanjakan'ny hatsaran-tarehy fotsiny ny fifaninanana « mister ». Natao indrindra mba hahafahana manatanteraka ny fanampiana ho an'i Madagasikara. Araka izany, ny fandreseny amin'izao fifaninanana izao dia fandresen'i Madagasikara, hoy ny voalazany.

Mazava ho azy fa ho avy aty amintsika izy, izay anisan'ny loka goavana miandry azy amin'ity fifaninanana ity. Hanao asa soa sady hitsidika ny tanindrazany ihany koa.

**Fy**

Ambohidratrimo - CSB II vaovao

## Mbola ny 40 isanjaton'ny asa no vita

Efa miandrandra fatratra ny fahavitan'ny CSB II vaovao ao amin'ny kaominina Ambohdratrimo daholo ny vahoaka any an-toerana amin'izao fotoana izao, mba hanamaivana ny fahasahiranan'izy ireo amin'ny famonjena mpitsabo. Nisy fiataona anefa ny fanamboarana an'ity fotodrafitrasa ity. Ny 40 isan-jaton'ny asa aloha no vita hatreto. Araka ny loharanom-baovao voarainay teny an-toerana dia ny 40 isan-jaton'ny volan'ny orinasa tompon'antoka amin'ny fanamboarana an'ity fotodrafitrasa ity ihany aloha hatreto no voaray ka izay no isan'ny antony nampiato ny asa fanamboarana. Raha tsiahivina dia tany amin'ny voalohandohan'ny volana janoary tamin'ity taona ity no nanomboka ny asa fanamboarana. Efa nanao izay ho afany ihany koa ny kaominina tamin'ny nahazoana ny tany sy ny fikarakarana ny tany tamin'izany. "*Miankina amin'ny ministera sisa ny fahavitan'ity fotodrafitrasa, izay andrasan'ny vahoaka fatratra ity*", hoy ny ben'ny tanànan'Ambohidratrimo, Raherimanantsoa Feno. Na izany na tsy izany dia mitohy hatrany ny asa fanamboarana sy fananganana fotodrafitrasa ataon'ny kaominina eny an-toerana, raha tsy hilaza afa-tsy ny sekoly vaovao, ny fanamboaran-dalana, sns.

**Niry R.**



Miankina amin'ny ministera mpiahy sisa ny fanamboarana, hoy ny ben'ny tanànan'Ambohidratrimo.

Fjkm Tsimahandry SPAA 10

## Hiavaka ny Alahadin'ny Taranaka

Indroa isan-taona ny Alahadin'ny Taranaka ao amin'ny FJKM Tsimahanadry, Synodamparitany Antananarivo Andrefana : isaky ny volana febroary sy ny volana novambra. Hifamotoana eny an-tanindrazana àry ny alahady 12 novambra 2023 izao ny taranaka rehetra tsy ankanavaka hanome voninahitra an'Andriamanitra, ho fiombonana sy hiaraha-mientana amin'ny jobily fisotroandronon'ny Mpitandrina. Hisy ny fotoam-bavaka lehibe hanomboka amin'ny 9 ora maraina sy sasany, hotarihin'ny Mpitandrina Rakotonjanahary Mavoson. Hampiavaka ny fotoam-pivavahana ny hanolorana maripankasitrahana ireo zanaky Tsimahandry afaka tamin'ny fanadinampanjakana sy ny isan-taranaka. Hisy ny varotra sakafo sy tsakitsaky sy zava-pisotro ara-pahasalamana amin'io fotoana io, karakarakarain'ny Komitin'ny Jobily fisotroandronon'ny Mpitandrina, hanalana fahasahiranana ny rehetra sy hahamafy orinana ny fiombonanana.

Mihoatra ny 150 taona ny FJKM Tsimahandry amin'izao fotoana izao. Maro ny olona nipetraka sy nahazo fahasoavana tao no efa nifindra monina noho ny fitadiavana. Misy ny lasa any ivelany fa misy kosa ireo mipetraka manodidina ny tanàna. Izy ireo no asaina hanatrika ity fotoan-dehibe ity. *"Aza mba manadino ny tanindrazanao."*

**Tiaray R**



Efa mihoatra ny 150 taona ny FJKM Tsimahandry ka maro ny taranaka efa miparitaka ka izy ireo no asaina hanatrika ny Alahadin'ny Taranaka.

BTM FC / SCORPIONS / CLUB M

# Nindaosin'ny fahafatesana ihany koa i Dominique Rakotonandrasana

Tao anatin'ny hatairana sy alahelo tanteraka no nandraisan'ny tontolon'ny fanatanjahantena malagasy ny fahalasanan'i Dominique Rakotonandrasana, mpiandry tsatoby nikoizana sy manantalenta manokana tamin'ny fandakana "coup franc" sy fanaovana "dégagement", ho any amin'ny varo-tsy mifody, omaly. Araka ny fanamarihana voaray dia aretina diabeta no nitarika ny fahafatesany. Teraka tany Taolagnaro tamin'ny 02 febroary 1970 i Radom, mirefy 185 sm ary milanja 90 kilao. Niandry ny tsatobin'ny Bankin'ny Tantsaha Mpamokatra Foot-ball Club tany an-toerana. Tsy ny baolina kitra irery ihany no nananany talenta fa hatramin'ny basket-ball sy ny volley-ball ihany koa. Noho ny fahaiza-manaony dia nantsoin'ny mpanazatra Maurice Andriamandranto, nanantevin-daharana ny BTM FC taty Antananarivo izy tamin'ny taona 1990. Tapa-bolana monja no nahatongavany tao anatin' ity ekipa ity dia tompon-toerana avy hatrany ny lehilahy. Nandrafitra ny ekipam-pirenentsika izy (Scorpions de Madagascar – Club M), nandimby ny toeran-dry Ferdinand "Golibe" sy ry Robert ary Pôpoly, nandritra ny taona maro (1989 – 2015). Namaranany



**Emamy "Tama" - Jean Jacques - Olivier - Radom... tsy nanao ambanin-javatra ny voninahi-pirenena ! (Sary : Midi)**

ny asany tamin'ny maha mpiandry tsatoby azy ny "beach soccer", ary azo lazaina fa izy no nisantatra an'izany tany Toamasina. Ankoatra ny BTM FC dia ekipa maro ihany koa no efa nilalaovany teto Analamanga, toy ny Foibe Taon-tsaritanin'i Madagasikara – FC2A - Stade Olympique de L'Emyrne -n'i Zakabe, ary nanamafy ny ekipan'ny Domoina Soavina Atsimondrano tamin'ny fiatrehana fifaninanana afrikanina.

**Vato namelan-kafatra !**

Tsetsatsetsa tsy aritra no anehoana fa tsy atoro voanjo hadiana amin'ny toeran'ny lohalaharana mpanafika ihany koa Radom, izay nahaizany mandaka baolina mafy ka efa nahafatesany an'izany tany akaikin'ny "Centre". Niteraka fahatsiarovana tsara ho azy ny namonoany baolina tamin'ny "coup franc" nodakany, tamin'izy nanantevindaharana ny DSA. Miampy ny nandrombahantsika ny medaly volamena tamin'ny Lalaon'ny Nosy 1993, niarahany tamin'i Rafà / Haja / Rado / Fidy / Typeh / Nestor / Ralida / Hary / Setra / Alison Jean / Tigana / Saindina Bruno / Daniel "Vazaha"..., nandresy an'i La Réunion tamin'ny isa 2 no ho 1 ka taty amin'ny taona 2023 indray vao tafaverina tamintsika ny anaram-boninahitra. Kanefa ! Niteraka fahatsiarovana ratsy ho azy indrindra ihany koa ny namonoany tena, raha nifandona tamin'ny Jeunes Sportifs de Mandrangobato / Anosibe, nilalaovan-dry Haja sy Fidy ary Rado Rasoanaivo mirahalahy avy, ny ekipa nilalaovany. Rehefa nitsahatra tsy nilalao intsony izy dia nalain' ny AS Adema, nanazatra ny mpiandry tsatobiny. Maro ny mpilalao nampitany ny fahaiza-manaony tao anatin' ity ekipan'Ivato ity, izay naharitra taona maro tamin' ny fisalorana ny anaram-boninahitra maha Tompondaka sy Amboaran'i Madagasikara azy. Ambetiteniny amin'ny mpilalao ny fikirizana sy ny fikotranana mafy, raha te ho lasa lavitra amin'ny filalaovana kitra. Anisan'ny noderainy ny zava-bitan'ny Barea de Madagascar, niatrika ny CAN 2019 sy ny CHAN 2022 teo ireny. Manambintana, hoy izy, ny mpilalao ankehitriny, izay ampy fitaovana sy betsaka "motivation (resa-bola no tiany lazaina)" ka tokony hanararaotra an' izany. Tsy fahita firy tamin'ny fotoan'andro nilalaovany. Monina eny Ivato izy. Namela mananontena sy kamboty telo mianadahy. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mampionona sy mampahery ny ankohonany ary ny fianakaviany manontolo. Mandria am-piadanana Radom a !

**aris rafaly**

Kitra - Barean'i Madagasikara

# Tsy handeha any Ghana sy Tchad i Nina mpiandry tsatokazo



**Efa voantso niandry ny tsatobin'ny Barean'i Madagasikara, latsaky ny 23 taona teo aloha i Allan.**

Anisan'ny vaovao nanaitra ny mpitia fanatanjahantena, indrindra fa ny baolina kitra, ny naheno fa tsy anisan'ny hiatrika ireo lalao roa voalohany, tafiditra amin'ny fifanintsanan'ny « Mondial 2026 », ilay mpiandry tatsokazon'ny Barea, Rakotoasimbola Zakanirina, fantatra amin'ny hoe Nina. Araka ny fampitam-baovao teny anivon'ny federasiona dia maratra ny tenany. Tsy niandry ela fa niantso andRakotovazaha Allan, milalao ao amin'ny Red Star, ny mpanazatra ny ekipam-pirenena. Tsiahivina fa efa voantso niandry ny tsatobin'ny Barean'i Madagasikara, latsaky ny 23 taona teo aloha i Allan. Raha hiverenana dia hidona amin'ny Black star-n'i Ghana ny Barean'i Madagasikara amin'ny 17 novambra izao. Aorian'io(20 novambra) dia hifanandrina amin'ny Tchad izy ireo, lalao hatao any Maraoka. Hanampy an'i Melvin sy Mathyas izany i Allan mandritra ireo fihaonana roa ireo, ka antenaina fa hahazo vokatra tsara, na eo aza ny tsy fahafahan'i Nina. Anisan'ny fanambin'ny filohan'ny FMF, Randriamanampisoa Alfred, rahateo ny hahazoantsika ny tapakila hiatrehana ny dingana famaranana ny « coupe du monde 2026 ». Efa nanolotra baolina hoentin'ny Barea manazatra tena mona ny tenany andro vitsy lasa izay. Samy miandrandra izany avokoa ny rehetra, ary manantena fa taorian'ny CAN 2019 nahatongavantsika hatrany amin'ny ampahefa-dalana, sy ny CHAN 2022, izay tonga hatrany amin'ny manasadalana, dia mba hanao Mondial ny Barea, ka tsy hitsangamenatra fa ho lasa lavitra ihany koa. Maninona tokoa moa raha tonga hatrany amin'ny famaranana mihitsy.

**Rabenaivo**

"Gala International multi-boxe"

# Tsy nifampitsitsy ny Malagasy sy ireo vahiny

Notanterahana ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina, ilay "Gala International multi-boxe". Tratra ny tanjona ary samy afa-po daholo na ny vahiny na ny mpijery tonga maro, raha ny nambaran'ny federasiona. Nosafidiana manokana ny "mutli-boxe", hahafahan'ireo taranja rehetra nandray anjara, hifanakalo araitraikefa. Niady ary nifampizarana ny fandrombahana ny fandresena, ka teo amin' ny Kick boxing, sokajy latsaky ny 63,5 kg lehilahy, norombahan'ilay renioney, Darren ny fandresena, rehefa nandavo an'isa ilay Malagasy, Roberto. 2 minitra intelo miditra no faharetan'ny adin'izy mirahalahy, izay samy niezaka nampiseho ny fahaiza-manaony avy. Nifamaliana ny daka sy totohondry, somary nianjera hatrany ny mpikatroka Malagasy teo amin'ny fidirana voalohany. Nanao be fiavy kosa izy teo ampanombohan'ny fidirana faharoa saingy rehefa vizana izy no nanomboka nifehy ny ady i Darren, izay nahatafiditra daka mafy sady tafiditra izy ka tafavoaka ny ringa mihitsy i Roberto. Teo amin'ny taranja "assaut" latsaky ny 60 kilao kosa, lasan'i Madagasikara, tamin'ny alalan'i Avotra ny fandresena raha nidona tamin'ilay kaomoriana, Brahim. Ankilany, nandresy tsy niady i Kennedy, teratany Malagasy ho an'ny sokajy latsaky ny 63,5 kg, izay tsy nisy mpifanandrina. Tafiditra anatin'ny fanomanantenan'ny Malagasy, hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany (desambra) izao, ity "Gala International multi-boxe" ity.

**Rabenaivo**



**Anisan'ny ady tena nampitsanga-mitoetra ity adin'i Darren sy Roberto ity.**

## AVIS DE MODIFICATION

Suivant procès-verbal enregistré au CFI Analakely du 06/11/23, de F° 91 N° 816 Vol. I/62, les associés de la Société NOUVO_T SARL, au Lot II E 37 Behoririka Soarano, a pris les décisions suivantes :
- Changement de la raison sociale en SOCIETE PARADIS DES CHAUSSURES SARL
- Rajout d'activité

**Stat. :** 47715 11 2023 0 10757 - **NIF :** 4018029816 -
**RCS :** 2023 B 00745

G-CL 674/1-1


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Herivelona samihafa 57

# Mitaky ny fanafoanana ny fifidianana amin'ny 16 novambra

*"Mitondra any amin'ny krizy sy fifandrafian'ny samy Malagasy ny fanatanterahana ny latsa-bato amin'izao toe-draharaha politika misahotakotaka izao ", hoy ireo firaisamonim-pirenena, sendika, mpianatry ny oniversite,… tamin'izany.*

Manao tohivakana ireo sokajin-kery mitaky ny fanafoanana ny fifidianana amin'ny 16 novambra izao, sy hanemorana ny datin'ny latsa-bato amin'ny fotoana ifanarahan'ny rehetra. Omaly, herivelona samihafa 57 nahitana firaisamonim-pirenena, sendika, mpianatra eny amin'ny oniversite ary mpanao gazety indray no naneho ny fandavany tanteraka ny fanatanterahana io fifidianana io. Antony, araka ny nambaran'izy ireo, dia hitarika krizy mahery vaika sy herisetra ny firosoana amin'izany noho ny tsy fisian'ny tontolo sahaza ho an'ny fifidianana milamina, mangarahara sy eken' ny rehetra eto. "*Mampiseho mibaribary ny toe-draharaha ankehitriny fa tandindomindoza noho izay efa niainana hatramin'izay ny demokrasia, miampy ny fiziriziriannny fahefana misy hanosihosy ny lalàna sy hampanjaka fomba fijery tokana/ jadona* », hoy ireo sokajinjery maro ireo tamin'izany. Mifanindran-dàlana amin' izay, mangataka ny fanatanterahana fifampidinihana eo amin'ireo kandidà 13 sy ireo ankolafy ary hery velona voakasika mivantana amin' izany ireo firaisamonipirenena, sendika, mpianatry ny oniversite ary mpanao gazety ireo. "Tsy tokony hifarana ny dinika raha tsy misy ny fifanarahana politika mitsinjo ny tombontsoa ambonin'ny firenena", hoy izy ireo tamin'izany.

**Tsy matoky ny HCC sy ny CENI**

Araka ny fomba fijerin'ireo herivelona 57 ireo ho antony mahatonga ny tsy fisian'ny tontolo sahaza ho an'ny fifidianana milamina, mangarahara sy eken'ny rehetra eto ireto antony manaraka ireto : ny fanisana ny mpifidy izay nahitany fa nisy tsy fahatomombanana ka nahavoahilika ny 30% mihoatra amin'ny olom-pirenena, ny tsy fisian'ny fitokisana ny rafi-pifidianana sy ireo mpikambana ao amin'ny CENI sy ny HCC, ny fanitsakitsahana ireo fitsipiky ny fanjakana tan-dalàna, ny fanendrena ny governemanta iraisana nataon'ny HCC izay mifanohitra amin'ny foto-kevitra sy ny fanahin'ny lalampanorenana. Eo ihany koa ny fivoriana tsy arapotoanan'ny Antenimierandoholona, nankatoavin'ny Governemanta nitarika ny fanesorana tamin'ny toerany ny Filohan'ny Antenimierandoholona sy ny fanendrena tsy ara-dalàna Filoha hafa, ny fanemorana herinandro fotsiny ny datim-pifidianana, ny tsy fahalalahana manatanteraka fivoriana sy maneho hevitra, izay mbola arahina herisetra avy amin' ny hery famoretana sy samy olon-tsotra, ny fandikàna ankitsirano ary tsy misy famaizana ny lalàm-pifidianana mandritra ny fampielezankevitra, ary ny tsy fahafahan'ny olompirenena misitrika feno ny fampielezankevitra.

**Mamy R.**


**Marina izany !**

## Maro no tafintohina !

**Misesisesy tato ho ato ny herisetra ataon'ny mpitandro filaminana, amin'olona tsy manan-tsiny sy tsy mihazona fitaovam-piadiana. Raha efa somary hadinodino ny fandratrana vahoaka, nandritra ny hetsika fotsy tamin'ny asabotsy lasa teo dia maro indray no tafintohina, manoloana ny fitifirana sy ny fandratrana mpiray tanindrazana, nitranga tetsy Mahamasina, tamin'ny alarobia lasa teo. Vao mainka moa nanafintohina ny maro ny fisamborana, sady tsy manara-dalàna no tsy mendrika ny solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona Razafitsimialona. Tafintohina ny filohan'ny Antenimieram-pirenena sy ny depiote namany, tsy nanavahana na ny avy amin'ny antoko TIM na ny voafidy tamin'ny anaran'ny tsy miankina. Nahatarafana izany ny fanambarana nataon'izy ireo sy ny fihazakazahany nihazo ny biraon'ny zandarimariam-pirenena, eny Fiadanana, nangataka ny hamoahana io olomboafidy io. Maro ihany koa ny artista sy ny mpikirakira tambajotra sôsialy, eny hatramin'ny olon-tsotra, no tafintohina, noho ny rà latsaka sy ny fahasahiana diso tafahoatra manampatra hery tamin'ny vahoaka tanam-polo. Na inona fanazavana homena dia tsy ara-dalàna ny fitifirana olona akaiky, indrindra tsy jiolahy izy ireny fa olompirenena naneho hevitra am-pilaminana.Tsy ara-dalàna ihany koa ny fitaovam-piadiana nitifirana akaiky ilay raim-pianakaviana teo amin'ny tarehiny nampiasaina, teny Mahamasina, raha tokony ho fitaovana ahafahana manaparitaka vahoaka sy miaro tena no hampiasain'ny mpitandro filaminana. Ny fanontaniana apetraky ny maro dia ny hoe: Nisy nanome baiko ve ilay nitifitra sa nanapa-kevitra samirery? Na eny na tsia, efa mba nanomboka ve ny fanadihadiana ?**

Voahangy Rakotozafy


Depiote Fetra Ralambozafimbolona

# Mbola tazonina eny Fiadanana, araka ny baikon'ny fampanoavana, hoy ny zandary

Feno valo amby efapolo ora anio ny nitazonana ny solombavambahoaka avy amin'ny antoko TIM, Fetra Ralambozafimbololona. Hatramin'ny omaly dia mbola eny amin'ny biraon' ny Zandarimariam-pirenena, eny Fiadanana io olomboafidy io ary araka ny loharanom-baovao avy amin' ny zandary dia ny baikon'ny fampanoavana no ahafahana mitazona azy. Raha tsy mangataka amin'ny fampanoavana ny fanavaozana ny fitazonana azy hatao famotorana izany ny mpitandro filaminana dia anio no hiakatra fitsarana ny depiote Fetra Ralambozafimbololona. Omaly dia nanao fanambarana, nanameloka ny fanosihosena ny Antenimieram-pirenena, hany andrimpanjakana mbola azo lazaina ho mijoro ara-dalàna ny depiote avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara. Ankoatra izay dia voarakitra tao anaty fanambarana ihany koa fa fanosihosena ny hasin'ny Antenimieram-pirenena sy ny Repoblikan'i Madagasikara mihitsy ny fisamborana solombavambahoaka ao anatin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana, araka ny efa nambaran'ny filohan'io Andrimpanjakana io Christine Razanamahasoa. Manoloana ny mbola fitazonana ny depiote Fetra Ralambozafimbolona eny Fiadanana dia miantso ny solombavambahoaka namany hiray hina hanohitra ny fanaovana tsinontsinona ny Antenimieram-pirenena sy ny solombavambahoaka TIM.



Ny depiote Fetra R. nandritra ny fisamborana teny Mahamasina.

**V.R.**

CENI

# Nahazo fitaovana maro avy amin'ny Japoney


Ny Filohan'ny CENI sy ny Maisovohon'i Japon niaraka tamin'ireo fitaovana natolotra teny Alarobia.

Nahazo fitaovana maro mitentina 4,5 miliara ariary avy amin'ny Governemanta Japoney ny CENI. Omaly no natao teny Alarobia ny fanolorana ireo fiara tsy mahaho-dalana 10 sy moto 148, araka ny fifanarahana nosoniavin'ny roa tonta ny volana jolay 2023 teo. Nambaran'ny Filohan'ny CENI fa ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa sahanin'ny CENI amin' ny fanentanana sy ny fitantanana ny zotram-pifidianana, ny fitaterana ny fitaovana samihafa ilain'ny rantsa-mangaikan'ny CENI, ary fanangonana ny vokapifidianana ireto fiara sy moto ireto. Nilaza kosa ny Ambasadaoron'i Japon SEM Abe Koji fa « *antenaina ny hahafahana mampiasa araka ny tokony ho izy ireto fitaovana ireto amin'ny fifidianana rehetra ho avy*». Tetsy andanin'izany, nanamafy ny Filohan'ny CENI fa vonona tanteraka amin'ny fiatrehana ny fifidianana izy ireo. «*Mihoatra ny 90 % ny karam-pifidianana efa voazara, mandeha ihany ny fanapariahana ny antontan-taratasy sy fitaovana samihafa ilain'ny biraom-pifidianana manerana ny Nosy*", hoy Atoa Andrianarisedo Dama Arsène. Notsindrina fa midika ho fahatokisana sy fahavononan'ny mpiaramiombona antoka hanohana hatrany ny ezaka fanatanterahana fifidianana madio sy mangarahara, eken'ny rehetra, izao fampitaovana ataon'ny Governemanta Japoney izao.

**JUDD**

Raharaha Andrisoa Andriatongarivo

# Mbola tazonin'ny pôlisy mpanao famotorana, eny Tsaralalàna, omaly

Anio no feno 48 ora ny nitazonana ny sekretera jeneralin'ny minisiteran'ny angovo sy ny akoranafo teo aloha, eny amin'ny "Commissariat Central", Tsaralàna. Ny dikany, raha tsy mangataka fanalavam-potoana hanohizana ny fanadihadiana amin'ny fitsarana ny pôlisy nandray an-tanana ny raharaha dia anio no tokony hiakatra fampanoavana i Andrisoa Andriatongarivo. Tsiahivina fa ny alin'ny alarobia lasa teo no nosamborin'ny mpitandro filaminana avy ao amin'ny Pôlisim-pirenena, teny amin'ny trano fonenany eny Ambatolampy Tsimahafotsy ny lehilahy, rehefa nandefa horonam-peo mivantana mirakitra ny fisian'ny mpitandro filaminana nanapoaka basy alohan'ny hidirana ny tokantranony, teny amin'ny tambajotra sôsialy. Horonam-peo mirakitra ihany koa ny feony sy ny an'ny renim-pianakaviana nitaraina sy niantso vonjy, rehefa nandre poabasy. Ny niafarany moa izany, tafiditra tao antranony ihany ny mpitandro filaminana, iraka manokana hisambotra, na dia nandà ny tsy hidiran'izy ireo aza ny tompon-trano, tokony ho tamin'ny 8 ora alina tany ho any any.

**Fitazonana fitaovam-piadiana tsy nahazoa alalana**

Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa araka ny tsiliantsofina dia tsy nampidirina any amin'ireo "violon", toerana itazonana ireo olona voasambotra i Andrisoa Andriatongarivo fa napetraka amin'ny efitra manokana, nanomboka hatramin'ny nahatongavany teny Tsaralalàna ka hatramin'ny omaly. Araka ny loharanombaovao etsy ambony ihany dia tsy mbola nisy aloha hatramin'ny omaly tompon' andraikitra ambony na olomboafidy na olomboatendry nanao fanelanelanana ny hamoahana io sekretera jeneralin'ny minisitera teo aloha io, araka ny mateti-piseho eto amintsika. Andrasana izany anio na hiakatra fampanoavana ny lehilahy na mbola hijanona eny amin'ny biraon'ny pôlisy. Andrasana ihany koa ny fanapahan-kevitra horaisin'ny fitsarana mahakasika azy, manoloana ny fitazonana fitaovam-piadiana tsy nahazoana alalana, nahazoam-baovao fa anisan'ny heloka iampangana an'i Andrisoa Andriatongarivo.

**V.R.**

Fianakaviambe iraisam-pirenena

# "Maika ny fifampidinihan'ny rehetra hampitsaharana ny korontana politika"

*Niantso ireo hery mpifanandrina amin'ny fifidianana tsy hanao teny fihantsiana mety hitarika sakoroka eto ihany koa ireo mpiara-miombona antoka vahiny ireo.*

Nanamafy ireo antso nataony tamin'ny 16 oktobra 2023 mikasika ny tokony hametrahana ho laharam-pahamehana ny fifampidinihan' ny rehetra hampitsaharana ny korontana politika eto amintsika ireo mpiara-miombona antoka iraisam-pirenena amin'i Madagasikara. Omaly dia namoaka fanambarana iraisana nanentanany ireo mpifanandrina amin'ny fifidianana amin'ny tokony hananana fahaizamitondra tena mba hifampiresaka am-pilaminana indray ireo fianakaviambe iraisampirenena ireo. Isan'ny nanao sonia izany ry zareo avy amin'ny Vondrona Eoropeana, ny Masoivohon'i Royaume-Uni, ny Masoivohon'i Alemana, ny Masoivohon'i Suisse, ny Masoivohon'i Japon, ny Masoivohon'i Etazonia, ny Masoivohon'i Frantsa, ary ny solontenan'ny OIF aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana. Ambonin' izany, naneho ny ahiahiny noho ireo tranga nahitany herisetra nitarika faharatrana maro sy ratra goavana ary fisamboranana teto Antananarivo tao anatin' izay andro maromaro izay ireto mpiara-miombon' antoka amintsika avy any ivelany ireto.

**Mivoaka miditra**

Mifanindran-dalana amin' izany, niantso ny rehetra tsy hanao teny fihantsiana mety hitarika korontana eto ireo fianakaviambe iraiam-pirenena ireo. Etsy andanin' izany, tsikaritra ho mivoaka miditra ihany ireto mpiaramiombona antoka iraisampirenena amintsika amin' izao toe-draharam-pirenena misy eto Madagasikara izao. Vao omaly ny omaly ohatra ny Masoivohon'i Japon eto Madagasikara, izay nanao sonia io fanambarana niraisana io no nihaona tamin'ny CENI ary nanambara nandritra izany fa manohana ny fifidianana hatao eto Madagasikara amin'ny 16 novambra izao izy ireo. Tampoka teo indray dia nanao sonia niaraka tamin'ireo firenen-dehibe hafa nitaky ny hirosoana amin'ny fifampiresahana hisian'ny fifanarahana eo amin'ireo samy mpifanandrina amin'ny fifidianana tenany. Rehefa hoe diniky ny samy kandida anefa no resaka dia heverin'ny maro fa tsy ho vita ao anatin'ny herinandro mihitsy izany.

**Mamy R.**

Vovonana ho an'ny fanelanelanana

# Mitaky ny fampiatoana ny fampielezan-kevitra sy ny fidinana an-dalambe



Manohitra ny fanatanterahana ny fifidianana amin'ny 16 Novambra ihany koa ny Vovona ho an'ny fanelanelanana.

*"Tsy feno ny fepetra takiana sy ilaina amin'ny fanatanterahana fifidianana filohampirenena mifanaraka amin' ny lalàna, mangarahara, andraisan'ny rehetra anjara ary manaja ny fenitra iraisam-pirenena raha ny eto Madagasikara no asiana resaka »*, hoy ry zareo avy eo anivon'ny Vovonana ho an'ny fifampidinihana sy ny fanelanelanana, izay tarihan' ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ireo Filohampiangonana eo anivon'ny FFKM raha namoaka fehinkevitra, omaly. Nivantana no nilazan'ireo mpitarika izany Vovonana izany fa tokony ahato aloha ny zotrampifidianana ary tokony hamerina hamaritra ny fampiharana ny zotram-pifidiana mifanaraka amin'ny lamina iraisam-pirenena sy ny torolalana efa napetraky ny SADC ary ny vondrona eoropeana isika. Ho fampiharana ity farany, dia niantso ny fampiatoana ny fampielezan-kevitra sy ny fidinana an-dalambe mba hahafahana miroso ampilaminana amin'ny fitadiavana ny vahaolana ankatoavin'ny rehetra ireo mpitarika ny fanelanelanana ireo. Nanasa ny herivelona rehetra sy ireo kandida filohampirenena ho tonga eny amin'ny Antenimierampirenena hanohy ny fifampidinihana hikaroham-bahaolana kosa izy ireo.

**Fahavalo**

Mikasika izay toe-draharaham-pirenena izay hatrany, nanaitra ny mpitandro filaminana mba hanao ny asany araka ny lalàna ka handray fepetra mifanaraka amin'ny fitandroana ny filaminam-bahoaka ny Vovonana ho an'ny fanelanelanana. Milaza ho mahatsikaritra ireto farany tamin' izany fa tafahoatra loatra ny fampisan-kery nataon'ny mpitandro filaminana tamin' ny vahoaka, izay tsy fahavalo fa mpiray tanindrazana tao anatin'izay andro maromaro izay ka toherin'izy ireo izany. Tahaka izany ihany koa ny fampihorohorona sy ny fampisamborana mahazo ny mpanao politika, ny olontsotra ary olomboafidy, izay sokajian'ny Vovonana ho tsy ara-dalana. Ao anatin' izany rehetra izany, niantso ny Fianakaviambe Iraisampirenena tsy hialangalana fotsiny fa handray ny andraikitra manadrify azy ireo mpikamban'ity Vovonana ho an'ny fifampidinihana sy ny fanelanelanana ity.

**Mamy R.**

Governemanta sy Antenimierampirenena

# Miteraka krizin'ny andrimpanjakana ny tsy fifampihainoana

Manao be marenina ! Miteraka voka-dratsy eo amin'ny samy andrimpanjakana ankehitriny tsy fisian'ny fifampihainoana eo amin'ny Antenimierampirenena sy ny Governemanta. Lasa miteraka ny krizin'ny andrimpanjakana ny vokatr'izany. Raha ny zava-misy mantsy dia tsy tonga nanohina ny antso nataon'ireo solombavambahoaka avy amin'ny Kaominisona maromaro eny Tsimbazaza ireo mpikamban'ny Governemanta vitsivitsy misahana ny fitandroana ny filaminana eto amin'ny firenena mba hangatahana fanazavana momba ireny toe-draharaha niseho farany teto ireny. Tafiditra ao anatin'izany ny minisitry ny Fiarovampirenena, ny minisitry ny Fitsarana, ny minisitry Atitany, ny minisitry ny Filaminam-bahoaka, ary ny Sekreteram-panjakana miahy ny Zandarimariam-pirenena. *"Efa fanaovana tsinotsinona ny Andrimpanjakana toy ny Antenimierampirenena ny tsy firaharahian'ny Governemanta ny antso izay nataonay"*, hoy ny depiote Johasy Eléonore tamin'ny fanazavana omaly teny Tsimbazaza. Namafisiny fa ireo vahoaka mpifidy mihitsy no ataon'ny fitondrana mpanatanteraka tsinontsinoana manoloana izany. Fa ankoatra io, nandefasan-dRtoa Razanamahasoa Christine taratasy fanasa hanatanterahana fivoriana maika sy dinika arahan'asa ihany koa ny Prefet eto Antananarivo. Tsy fantatra moa na tonga teny antoerana ity farana na tsia.

**JUDD**

Fifidianana

## Efa eto ireo mpanara-maso avy amin'ny SADC




Ireo iraky ny mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny SADC.

Efa eto amintsika ankehitriny ny delegasiona avy amin'ny SADC na SEOM, izay hanara-maso ny fifidianana hatao amin'ny 16 novambra ho avy izao. Izany dia ho familana ny fanasana nataon'ny governemanta malagasy azy ireo. Mandritra ny efatra andro dia hisy ny fanofanana ireo mpanara-maso hafa alohan'ny hirosoana amin'ny tena asa hataon'izy ireo. Fantatra fa ny alahady 12 novambra eny Ankorondrano no hampahafantarana amin'ny fiomba ofisialy ny asa fanaraha-maso ny fifidianana hataon'izy ireo eto Madagasikara. Hiparitaka manerana ny faritany enina izy ireo avy eo hijery sy hanara-maso ny zava-misy mialoha sy ny aorian'ny fifidianana, ary indrindra mandritra ny andron'ny datim-pifidianana. Ny firenena zambiana no miandraikitra ity iraka avy amin'ny SADC ity, izay tarihan'ny jeneraly Godfrey Miyanda. Tanjona amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana tanterahan'izy ireo, araka ny fanazavana voaray, ny hanao tombana ny fizotry ny latsa-bato izay tokony hanaraka ny fenitra iraisampirenena sy efa napetraky ny SADC. Tafiditra ao anatin'izany ny maha zava-dehibe ny fandraisan'ny olom-pirenena rehetra anjara amin'ny fifidianana ho fanajana ny demôkarsia. Eo ihany koa ny fisorohana ny herisetra vokatry ny politika amin'ny alalan'ny fampihorohorona. Notsindrian'izy ireo manokana fa ilaina ny hisian'ny fitovian'ny herijika ho an'ireo antoko politika rehetra mandray anjara sy ny mifaninana amin'ny fifidianana. Manamafy ity iraka mpanara-maso avy amin'ny SADC ity ny tokony haneken'ny rehetra sy hanajana ny voka-pifidianana mivoaka eo. Tsiahivina fa efa namita iraka teo amintsika ny SEOM tamin'ny volana jolay lasa teo.

**JUDD**

Jly Alfred R.

## "Asan'ny maizina no mahatonga ny ady an-trano sy ny fahantrana eto"



Ny Jeneraly Alfred Rakotomaronirina.

Manamafy ny tokony hananan'ny mpitondra sy ny vahoaka Malagasy fahaiza-mitantana ara-panahy "Spiritual Leadership " hatrany ny jeneraly Alfred Rakotomaronirina, mba ahafahana miala amin'ny krizy sy fahantrana iainan'ny vahoaka. Betsaka ny manana "Leadership", fa fitarihana araka ny fahaizan'olombelona. *"Ny tsy fahalalàna an'Andriamanitra no mahatonga ny vahoaka miady ary ny asan'ny maizina no ambadiky ny fahantrana iainantsika eto."*, hoy izy. Nantintranterin'ity farany anefa, fa nateraka handresy ny olombelona tsirairay, mila fantarina fotsiny aloha hoe : Iza ilay Rainao ? Satria, *"Tsy misy Ray te hamela ny zanany hahantra izany, fa ny ankizy ihany no minia manalavitra ny rainy"*, araka ny fanazavany. Ao anatin'ny tarigetran'ny fahaiza-mitantana ara-panahy "Spiritual Leadership", imatimatesan'ity manamboninahitra misotro ronono ity ny hoe : *"Fahamasinana, Fahamarinana, Fahitsiana"*. Isan'ny nanaovany antso avo manokana ny tafika, izay manana adidy sy andraikitra amin'ny fiarovana ny vahoaka mba hanana an'io fahaiza-mitantana arapanahy io.

**Niry R.**

Izy no izy

Miary Rajaonah

# Vehivavy mpandraharaha, tia manampy ny hafa

*Sahirana aho maneho hevitra taloha noho ny toetrako, saingy niova izany.*



Izy no Miary Rajaonah, vehivavy mpandraharaha.

Iray amin'ireo vehivavy mpandraharaha, mitantana orinasa misehatra amin'ny tontolon'ny fampiofanana araka asa, fampidirana mpiasa anaty orinasa, ary fanohanana ireo injeniera, i Miary Rajaonah. Nianatra momba ny fitantanana na "management" ny tenany ary nanao izay fomba hiasana amin'izay sehatra izay. Nisafidy an'io fianarana io, satria efa tao anatiny foana hatramin'izay ny fitiavana handraharaha. Manana toetra malefaka izay izy, ary vao haingany vao nahafantatra fa rehefa faly dia tena faly be sy tia miaina be. Tia mifandray amin'ny olona ihany koa. Indraindray anefa mila fotoana mijanona ho irery. Raha vao tsy misy izay fotoana natokany ho azy izay dia lasa mikorontana kely mihitsy indraindray. Ankoatra an'izay, anisan'ny zavatra tena ankafiziny ny natiora. Manam-paniriana izy ny hanana trano, feno voninkazo ny tokotany, ary voahodidina hazo ny manodidina. Toetra mampiavaka an'i Miary Rajaonah ny fitiavany manampy namana. Be hanihany be ihany koa izy saingy mahalala ny fetra, ka rehefa tsapany fa manararaotra azy ny olona dia lasa masiaka sy kizintina. Amin'ny andavanandro, anisan'ny zavatra tena tian'i Miary ny mamaky boky, milomano, manao yoga, mianatra ary miaraka faly amin'ny vady amanjanany.

Raha ny sakafo indray, tsy mifidy fa tia karazan-tsakafo rehetra i Miary, izay rahateo no nahatonga azy ho botra toy izao raha ny filazany. Tia lelan'omby, voanjobory, tripy, glace, salade, izany hoe mora velomina kely aho.

**Fahatsiarovana mamy**

*"Anisan'ny fahatsiarovana miverina ao an-tsaiko foana ny fiarahana amin'ny dadanay mandehandeha. Mijery baolina, mandehandeha eny an-tanimbary, mihinana gilasy, mahita olona manao famadihana dia miaraka mandihy amin'izay olona na tsy fantatra akory aza. Tena nihanta be tamin'i dada aho ary nankafiziko izany fahatsiarovana mamy be teo amin'ny fiainako izany. Amin'izao fotoana izao, miezaka mamorona fahatsiarovana tsara ho an'ny ankohonako indrindra ho an'ireo zanako indray aho.»* hoy i Miary Rajaonah.

**Torohevitra**

Notezaina tao anatin'io tontolon'ny fandraharahana io izahay, satria ny reniko sy ny zokiko dia mpandraharaha avokoa. Misy ny lesona tiako hozaraina amin'ny tanora dia ny hoe : "Aza mitsahatra mianatra sy mikaroka. Ny fahaizana ireo no hampandroso anao amin'izay dingana tiana hotratrarina. » hoy i Miary. Torohevitra manaraka dia ny hoe betsaka ireo fomba fianarana azo ampiharina no sady fialam-boly, ka anisan'izany ny vaky boky, mijery vidéo youtube, sy ny maro hafa. Samihafana ihany koa ny mianatra fampiharana sy ny fianarana an-tsekoly, koa raha mbola misy fahafahana mianatra asa dia aleo atao foana. Manentana ihany koa aho hoe aleo miditra amin'ireny klioba maro isakarazany ireny fa manampy be mampitombo ny fahaizanao izany, misokatra amin'ny manodidina ihany koa. Ny torolalana farany zaraina dia ny hoe manàna faharetana amin'ny zavatra atao ary fantaro tsara ny zavatra tianao, ka rehefa hitanao dia ataovy tsara. Manàna toetra tia manao zavatra tsara na dia mandalo lalantsarotra maro isan-karazany aza. Ho an'ny tanora malagasy indray, manàna hetaheta hianatra foana ny ho tia karokaroka. Aza mionona amin'ny lesona omena any am-pianarana fotsiny, fa mijerijereva internety, mamakia boky.

Betsaka ireo zavatra tsara ho hay kanefa tsy votery hampianarina any an-dakilasy.

**Toastmasters**

Klioba iraisam-pirenena ny Toastmasters, ary izaho no filoha amin'izao taona 2023-2024 izao. Misy klioba 7 eto Madagasikara ka ny hanao Outstanding Toastmasters no anarany, ary misy 23 ny mpikambana. Tanjony ny hanampy ny tanora hahay hiteny imasom-bahoaka, leadership ary ny resaka serasera. Ianarana ao anatin'io klioba io daholo izany, ka isaky ny talata amin'ny 6 ora hariva no fotoana iarahana amin' ny mpikambana rehetra ao amin'ny Le Pavé Antaninarenina. Mivory izahay ary mandritra io fotoana io ihany koa no anaovana fampiharana. "*Tena tiako ny mpikambana miaraka amiko ao, satria tena tsotra be. Na mandiso aza ianao, na tsy mahay aza, dia mifanampy foana ary mampianatra fa tsy manakihana be fahatany fotsiny. Sahiko ny milaza fa ilay toetrako mihidy tsy dia mifanerasera amin'ny hafa no nandrisika ahy hiditra tao, ary nanampy be ahy io klioba io. Nanosika ahy hivoatra hatrany, indrindra fa mikasika ny fifandraisana amin'ny olona, ny fahaizako miteny imason' olona ary ny leadership. Amin'izao fotoana izao, mbola mianatra be aho amin'ny fomba hitondrana olona. Tadidiko tamin'izaho vao taona voalohany, sahirana tsy nahavita niteny mihitsy, kanefa anjarako ny manao ny "exposé". Amin' izao anefa tena hitako lasa nivoatra sy sahy miresaka imason'olona aho.* » hoy i Miary Rajaonah. Misokatra ho an'ny olona rehetra mihoatra ny 18 taona ilay klioba, ka raha maniry hiditra ho mpikambana dia afaka miditra ao amin'ny pejy facebook sy LinkedIn Toastmasters.

**Nath**

Madagascar Airlines

# Nampiato ny sidina iraisam-pirenena

Mandalo fotoan-tsarotra ny Madagascar Airlines. Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra tamin'ny alarobia lasa teo ny drafitra natolotr'ireo mpitantana hanarenana ity kaompaniam-pitaterana an'habakabaka ity. Tafiditra ao anatin'izany ny fampiatoana amin'ny fotoana tsy voafetra ny sidina iraisam-pirenena ataony, izay mampifandray an'i Madagasikara sy Eropa. Tsiahivina fa tsy nanana fa nanofa fiaramanidina ity kaompaniam-pitaterana ity nanaovana ny sidina iraisam-pirenena teo aloha. Efa nanaovan'ireo mpitantana fanairana fa nitondra fatiantoka teo amin'ny 2,8 tapitrisa Dolara isam-bolana io fifanarahana io nandritra ny taona 2022 ary mbola nitohy tamin'ity taona ity, noho ny vesatra hafa niantsorohan'ity kaompania ity, ankoatra ny saran'ny fanofana ny fiaramanidina, toy ny fiantohana ireo mpiasa anatin'ny fiaramanidina, ny fikokojakojana ny fiaramanidina, ny fandoavana ny sarampiantohana, sns. Manginy fotsiny ny fahalafosan'ny solika ampiasaina. Hifantoka amin'ny fampiroboroboana ny sidina anatiny ny ezaka ataon'ireo mpitantana, ka anisan'izany ny fampitomboana ireo fiaramanidina telo manao ny zotra nasionaly mba hamerenana ny fahasalamana ara-bolan'ity kaompania ity. Ahiana hitovy amin'ny dingana nolalovan'ny Air Madagascar ny ho avin'ny Madagascar Airlines raha tsy mahomby ny drafitra fanarenana napetrak'ireo mpitantana.

*Niditra fatiantoka 2,8 tapitrisa Dolara isam-bolana nanomboka ny taona 2022.*

**R. Muray**

Molotra

# Mila fikarakarana manokana



Na ankizy na vehivavy na lehilahy tokony hikarakara foana ny molotra.

Ankoatra ny tsiky entin'ny molotra, varavarana ho an'ireo sakafo miditra ao am-bava ihany koa izy. Mitana anjara toerana eo amin'ny endrik'olombelona ihany koa ka tsara raha karakaraina ilay hoditra manify sy malemy amin'ny molotra. Rehefa fotoanan'ny ririnina dia vakivaky ny molotra, noho ny hatsiaka sy ny masoandro ary ny rivotra mifandimby. Nambaran'i Andry Ny Ando Malala, tovovavy marenina mitantana ny Ni-Haingo Beauté etsy Andavamamba ary nandalina manokana mikasika ny fikojakojana ny volo sy ny bika aman'endrika, fa tsy voatery hoe rehefa ririnina ihany vao mila karakaraina manokana ny molotra fa misy foana ny tranga samihafa eo amin'ny tontolo iainana mianjady aminy ka mahatonga anay handrisika ny olona hijery manokana io molotra io.

Mba hananana molotra mandina mandavan-taona dia ilaina hatrany ny fikarakarana azy. Anisan'ny fikarakarana tsy maintsy atao amin'ny molotra ny « gommage » hanalana ireo hoditra maty. Azo ampiasaina amin'izany ireo vokatra natoraly, toy ny tantely sy ny menaka oliva, izay tokony hatao indroa isan-kerinandro. Ankoatra izay anefa dia tsara ihany koa ny misotro rano betsaka. Manampy betsaka ny molotra amin'ny fiarovana azy amin'ireo tranga ety ivelany ny fampiasana ireo menaka manokana ho an'ny molotra, na "baume à levres ». Mazava ho azy fa misy ireo vokatra efa hita eny amin'ny tsena eny azo ampiasaina avy hatrany, ka anisan'ny mety ampiasain'ny ankizy na lehibe ny Florona. Mampiavaka ity menaka ho an'ny molotra ity ny karazana hanitra maro misy aminy, azo isafidianana, ka anisany ny fraise, vanille, caramelle ary ny passion. Mora entina sy mora ampiasaina ity menaka ho an'ny molotra ity ary azo ampidirina anaty kitapo.

**Nath**

Faridranomasin'i Madagasikara

# Nohavaozina ny fahafahan'ny orinasa vaventy roa manjono

Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra ny fanavaozana ny fifanarahana mikasika ny fanjonoana lamatra na "thon" ataon'ny orinasa ANABAC ao amin'ny faridranomasin'i Madagasikara. Mikasa hampiasa sambo mpanjono 7 lehibe ity orinasa ity, sy sambo lehibe fanampiny 1, eto amin'ny faridranomasin'i Madagasikara. Voalazan'ny filankevitry ny minisitra fa mampiasa tantsambo malagasy 23 ity orinasa ity ary ny fifanarahana ifanaovany amin'ny minisitera dia ao anatin'ny fanajana tantaraka ny didim-pitondrana mamaritra ny vola aloa amin'ny jono an-dranomasina atao aty amintsika. Nankatoavina toraka izay ihany koa ny fangatahan'ny orinasa DAE Young Fisheries hanavao ny fifanarahana hahafahan'izy ireo mampiasa sambo mpanjono 20 isa. Orinasa sinoa izy ity ary efa tamin'ny 2019 no niasa taty amin'ny faridranomasin'i Madagasikara. Manantena ny rehetra, indrindra fa ireo mpanjono amin'ny fomba nentim-paharazana, fa tsy hisy fiantraikany amin'ny fivelomanan'izy ireo ny jono mampiasa sambo goavana toy ireto orinasa ireto.

**Nath**

Seces sampana Antananarivo

# Mila mifona ampahibemaso amin'ny vahoaka ireo nahavanon-doza

*'Voahitsakitsaka ny zon'olombelona sy ny demokrasia, betsaka ny rà latsaka''*



**Tsy manaiky ny Seces sampana Antananarivo raha tsy mivaly ny fitakian' izy ireo. (Sary: Tahiry)**

Manoloana ny fisian'ny herisetra mitranga etsy sy eroa eto amintsika dia namoaka fanambarana ny Seces sampana Antananarivo ka nilaza fa *"mila mifona ampahibemaso amin'ny vahoaka malagasy ireo nahavanon-doza, satria izy andraindraina hiaro ny vahoaka sy ny fananany indray no zary mijoro ho fahavalo ka mandatsaka ny ràn'ny mpiray tanindrazana aminy maneho hevitra ampilaminana, ary tsy mitondra fitaovam-piadiana. Tsy ao anatin'ny filaminana no kasaina hanatanterahana ny fifidianana amboletra amin'ny 16 novambra 2023. Voahitsakitsaka ny zon' olombelona sy ny demokrasia. Betsaka ny rà latsaka ary nisy maty, ka tsy feno ireo fepetra hanatanterahana ny fifidianana"*, hoy ny Seces sampana Antananarivo. Nohamafisin'ity farany fa *''tsy azo tanterahina eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ny fifidianana, hiarovana tombontsoan'olon-tokana. Firenena iaraha-manana ity nosy ity, ary tanindrazana iombonana i Madagasikara, dia i Madagasikara tsy entim-bazaha. Melohina ny fisamborana ny solombavambahoaka Fetra Razafimbololona, satria fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna izany"*, hoy hatrany ny Seces sampana Antananarivo.

**Tany tan-dalàna**

Nametraka fanontaniana moa ny sendikàn'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra : raha tena tany tan-dalàna tokoa i Madagasikara, iza amin'ireo lazaina fa mpitandro filaminana, nandika lalàna sy lasa herim-pamoretana nandritra ireo hetsibahoaka tato anatin'ny herinandro vitsivitsy izay, no efa voasazy amin'izao ? Nofaranan'ny Seces Antananarivo amin'ny hoe : moa va mba mahalala ny andraikiny araka asa ihany ireo lehibe mibaiko azy ireo? Hatramin'izao moa tsy mbola miverina ny fampianarana eny amin'iny oniversiten'Antananarivo noho ny fitakian'ny Seces tsy mbola nisy nivaly efa dimy volana mahery izao ka mampikatso ny fianarana eny amin'ny anjerimanontolo.

**HAR**

Harena an-kibon'ny tany

# Hihatra ny haba sy hetra 5 isanjato amin'ny fanondranana

Nandray fepetra mikasika ny fanondranana harena an-kibon'ny tany ny gorvernemanta ifarimbonana. Nankatoavina nandritra ny filankevitry ny minisitra tamin'ny alarobia lasa teo ny fampiharana ny fandoavana ny haba sy hetra amin'ny fonondranana harena an-kibon'ny tany mankany Ivelany. Ny fehezan-dalana vaovao momba ny harena an-kibon'ny tany, ao amin' ny andininy faha-283, no mamaritra io haba sy hetra manokana alaina amin' ny tombabidin'ny vokatra aondrana io. Miverina amin' ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana nipoiran'ny harena ny 2 isanjato ary mirotsaka any amin'ny fanjakana foibe sy ireo sampandraharaha ao aminy ny 3 isanjato, ka anisan'izany ny Fadintseranana. Mbola hisy koa raha ny tatitra tao anatin'ny filankevitry ny minisitra ihany ny fandraisana didim-panjakana hamaritana ny fitsinjarana io 3 isanjato io. Tsiahivina fa efa nosokafan'ny fanjakana ny fahafahana manondrana volamena sy harena an-kibon'ny tany mankany Ivelany.

**R. Muray**

Fahasalamam-bahoaka

# Ho tonga ny ronono fanafody ho an'ny CRENI sy fitaovana ho an'ny IFIRP

Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra ny fandraisan'ny fanjakana an-tanana ny fandoavana ny hetra sy ny haban-tseranana amin' ny fanafarana ireo ronono antsoina hoe "Thérapeutic Milk F100 sy F75" avy amin' ny famatsiam-bolan'ny firenena mikambana misahana ny ankizy, na ny Unicef, ho an'ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka. Natokana ho an'ireo ankizy tratran'ny tsy fahampian-danja ireto karazan-dronono fanafody ireto, ka ny foibe fanarenana sy fanabeazana aratsakafo, na ny CRENI, no hitantana io fanomezana io, izay natao hanohanana aratsakafo ireo zaza marefo sy mila izany. Ankoatra an'izay, noraisin'ny fanjakana antanana ihany koa ny fandoavana ny hetra sy ny habantseranana amin'ny fanafarana ireo fitaovana antsoina hoe "anatomic Model" natolotry ny famatsiambolan'ny firenena mikambana ho an'ny mponina, na UNFPA, ho an'ny minisiteran'ny fahasalamana. Natokana ho an'ny foibe fiofanana "Institut de Formation Interrégional des Paramedicaux", na IFIRP, mba hahafahan' ireo mpiofana manao fanazaran-tena amin'ny asa maha mpampivelona na infirmiera azy.

**Nath**

Naivo Raholdina

# "Efa tsy TGV, IRD sy Mapar intsony Rtoa Christine Razanamahasoa"



**Tsy tokony hampiasa ny birao sy ny anaran'ny Antenimierampirenena Rtoa Christine R. ,hoy ny depiote Naivo Raholina.**

Mihazakazaka ny toe-draraharaham-pirenena eto amintsika amin'izao fotoana izao. Niaraha-nahita ny fisian'ny fihaonana teo amin-dRtoa Christine Razanamahasoa sy ny filohan'ny FFKM ary ireo mpanelanelana maro, nahitana an'ireo olobe eto amin'ny firenena, nihaona tamin'ireo kandidà ho Filoham-pirenena ny alarobia teo teny Tsimbazaza. *" Ambaranay etoana mba tsy haha-voafitaka antsika fa Rtoa Christine Razanamahasoa dia efa tsy TGV intsony, sy tsy IRD intsony, satria tsy manaja fitsipipifehezan'ny antoko TGV, ny IRD ary ny Mapar. Tsy izaho no manala azy fa manambara ihany mba tsy haha-voafitaka ny vahoakan'ny boriborintany faha-V sy ny Malagasy. Tsy manana olana manokana aminy izahay fa reny hajaina sy olon-dehibe izy. Io fiantsoana ataony io dia tsy ireo fiangonana fantany ihany no fiangonana misy eto Madagasikara fa maro : ao ny Apokalipsy, ny Vahao ny oloko, ao ny Jesosy Mamonjy, ny Pantekotista mitambatra ary ny FPVM izay iarahantsika mahalala fa mety tsy hitovy hevitra mihitsy amin'ny hevitry Rtoa Christine Razanamahasoa. Maro koa ny mpino ao amin'ny fiangonana FLM tsy mitovy hevitra."*, hoy ny Depiote Naivo Raholdina tamin'ny mpanao gazety afak'omaly. Tsy tokony hampiasain-dRtoa Christine Razanamahasoa ny anaran'ny ANP amin'izay eritreriny fa heviny manokana io. Tsy azo atao mihitsy ny fiantsoana tahaka izao fa mampifangaro ny raharaha politika sy ny raharaham-piangonana, satria ny "en-tête"-n'ny ANP no ampiasain-dRtoa Christine Razanamahasoa. Nefa izy dia mety ho efa tratran'ny "mandat imperatif" saingy izahay tsy hiditra amin'izay fa efa hisotro ronono izy, efa olon-dehibe ary amin'ity izy no hanao solombavambahoaka farany, raha ny filazany taminay.

**Tsy mivory**

*''Manamafy izahay depiote maro an'isa, fa heviny irery io, fa ny ANP dia tsy mivory amin'izao fotoana izao, mandrapahavitan'ny fifidianana, araka izay efa tapaky ny fivoriambe. Raha ny hita amin'ilay taratasy nasehon'ny depiote Naivo Raholdina dia samy manao sonia, eo an-kavian'ilay taratasy Rtoa filohan'ny ANP ary eo ankavanana ny filoham-piangonana, kanefa ny en-tête dia an'i Antenimierampirenena. Izaho rehefa manao politika dia cachet-n' ny TGV no ampiasaiko, ka eto izahay dia milaza fa mba sy ho voafitaka ny vahoaka malagasy dia ambaranay etoana fa : efa vitsy an'isa ireo solombavambahoaka miaraka amin-dRtoa Christine Razanamahasoa. Ambaranay etoana, izay depiote maro an'isa io, fa tsy hevitray io ary tsy ao anatin'ny depiote 111 intsony Rtoa Christine Razanamahasoa fa efa miaraka amin'ny TIM"*, hoy hatrany ny solombavambahoaka Naivo Raholdina. Nomarihin'ity farany fa hevitry ny TIM io avoakan-dRtoa filohan'ny ANP io, izay matahotra fifidianana. Rehefa tsy nahomby ny natao an'Atoa Herimanana Razafimahefa, dia Rtoa Christine Razanamahasoa indray ny amin'izao fotoana izao. Ny politika dia tsy anananavana, fa hanan-kevitra, hijerena ny tombontsoambahoaka, hoy ihany ny depiote Naivo Raholdina.

**HAR**

SYNDPERS - MESUPRES

# Miantso fifampiresahana amin'ny tomponandraikitra

Nandefa taratasy ho an'ireo tomponandraikitra isantsokajiny afaka manapakevitra ny sendikàn'ny mpiasa eo anivon'ny Minisiteran' ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, na ny SYNDPERS, tamin'ny fiandohan'ity volana novambra ity. *"Ny antony, araka ny zava-miseho eto amin'ny firenena sy eo anivon'ny Minisitera dia mangataka fihaonana aminareo lehibe rehetra (tale jeneraly sy ny talen'ny fitantanana rehetra) izahay sendikà. Fihaonana hatrehin'ny mpiasa hitondrana fanazavana sy hiadina hevitra ho famahana ny olana, fa tsy ekena ny fanatsiana sy ny fanaovana antsonjay. Ny ankamaroan' ny tomponandraikitra eo anivon'ny MESUPRES dia tsy mahalala fa efa nisy fihaonana maro nataon'ny sendikà niaraka tamin'ireo lehibe voakasika ho famahana ny olan'ny mpiasa sy fitakiana sendikaly, kanefa dia fampandriana adrisa foana no valian'izany, koa angamba tsy hifanomezantsiny ny zava-niseho amin' izao fotoana izao"*, hoy ny sombin'ilay taratasy nalefan'ny sendikàn'ny mpiasa eo anivon'ny MESUPRES amin'ny tomponandraikitra isan-tsokajiny. Mbola miantso fifampiresahana sy fifanazavana ampahibemaso hijerena vahaolana sy hialana amin'ny tompon-trano mihono, sao hitondra vokatsoa ho an'ny mpiasa madinika sy ny MESUPRES malalantsika ity. Nomarihan'ny sendikàn'ny mpiasa hatrany fa natao hialana amin'ny disadisa sy ny fampiadiana na sanatria fampisaraham-bazana ny mpiasa izao fangatahana fihaonana izao.

**HAR**

## Sarisary zary tenany

*Fahazarana*




## Hatsikana an-tsary

*Laniny*




## Masoandro miposaka

**I Tes 4 : 13**

Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny amin'izay modi-mandry, mba tsy hahalahelovanareo tahaka ny sasany izay tsy manana fanantenana.
14 Fa raha inoantsika fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran' Andriamanitra izay efa nodi-mandry tao amin'i Jesosy* hiaraka aminy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Toraka Ibaka Isondenda.**

Isondènda ne vaut pas mieux qu'Ibàka.

*Noms qu'on donne aux bœufs dont les cornes sont divergentes, ce qu'on n'aime pas.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3096**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | | | 6 | | | | |
| | 3 | | | | | 9 | | |
| | | | 8 | | | | 2 | 6 |
| 1 | 2 | | | 8 | | | | 5 |
| | 8 | | | | 5 | 3 | | |
| 7 | | | | | | | | |
| | | | 5 | 2 | | | | |
| | | | 4 | | | | 7 | 9 |
| 6 | 9 | | | | | | | |

Valin'ny laharana **3095**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 8 | 9 | 5 | 3 | 7 | 1 | 2 | 6 |
| 2 | 1 | 5 | 6 | 8 | 9 | 7 | 3 | 4 |
| 6 | 7 | 3 | 4 | 2 | 1 | 8 | 5 | 9 |
| 5 | 4 | 8 | 1 | 9 | 6 | 3 | 7 | 2 |
| 1 | 6 | 2 | 8 | 7 | 3 | 4 | 9 | 5 |
| 9 | 3 | 7 | 2 | 4 | 5 | 6 | 1 | 8 |
| 7 | 5 | 1 | 9 | 6 | 8 | 2 | 4 | 3 |
| 8 | 9 | 4 | 3 | 1 | 2 | 5 | 6 | 7 |
| 3 | 2 | 6 | 7 | 5 | 4 | 9 | 8 | 1 |

"Black November"

## Ketrika vaovao iarahan'ny Telma sy ny Zoma.mg

Ho fanomezana fahafaham-po ny mpanjifa dia miketrika zava-baovao hatrany ny Telma Madagascar. Hidirana sy hirosoany amin'ny sehatry ny fanatontoloana ara-teknolojia, miala any indray ny « Black November ». Fiaraha-miasa eo aminy sy ny Zoma.mg izany, ary natao indrindra mba hanomezana fidirana tsotsotra an'ireo vokatra eo anivon'ny Telma. Mandritra ity volana novambra ity rahateo, hisy ny fihenam-bidy ho hita amin'ireo entana rehetra anatin'ny Zoma.mg, izay azo jifaina amin'ny ampitain-davitra, kanefa dia azonao rasina any an-tokantrano. Tsy voatery mandeha mamonjy botika ianao fa anatin'ny seraseram-pifandraisana fotsiny dia afaka miantsena. Ho fanakaikaizana hatrany sy ho fanomezana fahafam-po ny mpanjifa no anton'izao, raha ny nambaran'i Patrick Pisal Hamida, Administrateur Directeur Général de Telma Madagascar, izay nanamafy fa tsy voatery handany fotoana intsony izy ireny, fa afaka manao zavatra hafa mandra-piandry ny fahatongavan'ny entana any an-trano. Nambaran'ity tomponandraikitra ity hatrany fa ireo tolotra sy asa rehetra omen'ny Telma dia ho hita ara-potoana anatin'ny E-shop Telma anatin'ny « site » ny Zoma mg avokoa. Zava-dehibe izao fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta izao, satria dia hitondra fampivoarana sy fampandrosoana ny sehatry ny varotra eto amin'ny firenena. Ho an'ity volana ity, fihenam-bidy maro no hita anatin'ny Zoma.mg, raha tsy hitanisa afa-tsy ny finday I-feel prime izay lasa 99.000arTTC raha 129 000 Ar TTC izany, izay mbola miampy bonus 1GO isam-bolana mandritra ny 6 volana. Ao koa ny S-prime, izay nihena ho 249.000ar TTC raha 389 000 Ar TTC izany, izay mbola miampy bonus 2GO isam-bolana anatin'ny 6volana. Ankoatra izay, ireo mividy entana mihoatra ny 100 000 AR TTC anatin'ny site Zoma.mg, dia ho maimaimpoana avokoa ny fanaterana ny entana.

*Miezaka manampy sy manamora ny hisitrahan'ny mpanjifa ireo tolotra sy vokatra ao aminy hatrany ny Telma.*

**Rabenaivo**

Fampielezan-kevitra

## Olona 3 nosamborina, nitoraka angidimby nitondra an-dry Lalatiana

Nisy nitoraka ny angidimby nitondra ny ekipan'i Lalatiana Rakotondrazafy, minisitra teo aloha, nanao fampielezan-kevitra tao Alarobia Vatosola, distrikan'Andramasina, afak'omaly. Nisy ny fitoriana nipetraka mikasika izany ka tovolahy telo hatreto no efa voasambotra. Raha ny fantatra dia andian-jatovo am-polony no nanao izany fanakorontanana izany. Nitoraka ny angidimby ka potika mihitsy elatr'ilay angidimby. Voalaza fa tsy afaka hanidina intsony ilay fitaovana ary tsy maintsy hosoloina ny elany izay simba".

**Ariel D.**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 378 - 11 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

### Nahandro

**Mofo ronono**

**Zavatra ilaina** : Ronono antsasaky ny litatra, lafarinina roa sotro, atody iray, siramamy telo sotrokely

**Fikarakarana azy :** Masahina aloha ny ronono dia avela ho matimaty. Avy eo, tantavanina ny lafarinina ary arotsaka ao, dia afangaro tsara. Kapohina avy eo ny atody sy ny siramamy mifangaro ary arotsaka ao koa avy eo. Ny hanitra vanila sisa no arotsaka farany rehefa vita izay. Avela eo kely aloha ireo ary maka siramamy telo sotro indray hatao caramel. Rehefa ilay mitsonika tsara iny izy no arotsaka amin'ilay fangaro rehetra ary atao "bain mari", na atao anaty lafaoro araka izay mety aminao, dia vita.

## MANAMPY ANAO

**Permanences 04 au 10 novembre 2023**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- ANKAZOMANGA - 020 23 302 68/032 12 714 17
- MAEVASOA - Castello Anosizato - 034 39 186 69
- ANKAZOTOKANA - Ambonidia - 020 22 354 42
- RAZAFIMANDRANTO - Analakely - 020 22 234 04
- FANOMEZANTSOA - Ambondrona - 020 22 286 85

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Ambodisiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboaro - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Dessins animés
09.45 : Full Sport ®
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12H30
12.45 : VAOVAO 13H00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full music
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Sport
18.10 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Film Dramatique
22.00 : Film Romantique
23.45 : Journal international
00.15 : Documentaire
02.00 : Film Action
04.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
04.30 : Série ®
05.00 : FAM ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

**TV PLUS MADAGASCAR**

04.00 : JINGLE
04.15 : HIRA MASINA
04.40 : DESSINS ANIMES
05.00 : STAND OUT
05.25 : ABC de la culture
05.30 : NY VAOVAO ®
06.30 : BUONGIORNO
08.00 : Petites Annonces
08.05 : MADA PRO
08.20 : MPRO
08.35 : ALLCOM
08.50 : BM PROD
09.15 : SERIE
10.00 : MIANDRY VAZO
12.00 : EDITION SPECIALE
12.15 : FRANCE 24
12.25 : ABC de la culture
12.30 : Petites Annonces
12.35 : MPRO
12.50 : MADA PRO
13.00 : CINEMAPLUS
15.00 : Edition spéciale
15.15 : BUONGIORNO ®
15.45 : Série
16.35 : Série Manga
16.57 : Série Manga
17.19 : ABC de la culture
17.24 : MIRITSOKA
18.00 : TITRE
18.05 : PASY GASY
18.25 : Petites Annonces
18.30 : LE JOURNAL
18.45 : SERIE
19.13 : SOMMAIRE BUONGIORNO
19.30 : VAOVAO
21.00 : CINEMAPLUS
22.30 : VAOVAO ®
23.15 : CINEMAPLUS
00.45 : JOURNAL ®
01.00 : Série
03.30 : FRANCE 24

**KOLO TV**

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : NyVaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : NyVaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**RECORD TV**

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : REDIFF JOURNAL
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT/DOC/DESSINS ANIMES/MAGAZINE
08.30 : REDIFF TOI MON AMOUR
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : I-VAOVAO
12.30 : ASINTADO REDIFF
13.10 : Hirantsika
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : FILM
17.00 : Destination malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

**VIVA**

01.15 : Film
02.51 : Film
04.21 : Clips : Misy Raha ®
04.51 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.33 : Culte : Tsara taiza
05.38 : Information : Minute Fihariana ®
05.41 : Clips : Chritian music
05.45 : Magazine de services : Viva MORNING SHOW
07.15 : Série comédie : Série 9-1-1
08.05 : Série : Série Star Wars The Bad Batch
08.33 : Série : Série High School Musical
09.03 : Film
10.47 : Serie : Série Lupin ®
11.30 : Série k-drama : Série The Golden Spoon ®
12.40 : Viva Prod : LALANA ®
12.46 : Journal : Flash Actus
12.56 : Clips : je prie pour Madagascar - ELIANDRY
13.11 : Clips : Misy Raha
13.41 : Film
15.30 : Télé Achat : Viva shopping ®
15.54 : Sport : Top Chrono ®
16.20 : Série k-drama : Série The Golden Spoon
17.30 : Série Action : SILO ®
18.30 : Viva Prod : Game in ®
19.03 : BET 261
19.30 : Viva Prod : Viva Évènement VM Météo
20.30 : Viva Prod : Viva Évènement VF
20.50 : Talk-show : DATA
21.22 : Film
23.17 : Viva Prod : Viva Évènement ®
23.57 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

***************

## TELEFAONINA ILAINA

ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47
- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# HIARA-DIA ISIKA HAMERINA INDRAY AN'I MADAGASIKARA HO NOSY SAMBATRA

Manankarena i Madagasikara nefa mahantra ny vahoaka Malagasy maro an'isa. Io no azo amehezana ny olana eto amintsika ka nahatonga ny firenentsika ho anisan'ireo mahantra indrindra maneran-tany. Mivangongo eo antanan'ny Filoham-pirenena sy ny manodidina azy ny vola sy ny harem-pirenena ka tsy misitraka ny fampandrosoana ny vahoaka.

Anisan'ny vahaolana mahomby ny Fitsinjara-pahefana tena izy (Décentralisation effective). Indrisy anefa fa taorian'ny Repoblika voalohany dia tsy nisy mpitondra nampihatra izany intsony. Anisan'ny niteraka ny fihemoran'i Madagasikara izany. Iaraha-mahita koa fa matetika dia tsy mifanaraka amin'izay mahasoa sy tadiavin'ny vahoaka ireo asa nandanian'ny mpitondra ny volam-bahoaka.

Ampatsiahivin'i Siteny Randrianasoloniaiko matetika fa ny Filoha Philibert Tsiranana irery ihany no nampihatra ny Décentralisation teto Madagasikara. Nitera-boka-tsoa ho an'ny vahoaka izany teo anelanelan'ny 1960 sy 1973.

Hoy indrindra i Siteny Randrianasoloniaiko :
**"Tsy nofinofy na fampanantenana fa efa niainan'ny Malagasy nandritra ny 13 taona izany atao hoe Madagasikara Nosy Sambatra izany. Tamin'ny andron'ny Repoblika voalohany tokoa dia nisakafo tsara in-telo isan'andro ny ankamaroan'ny Malagasy ; nanjaka ny fandriampahalemana ka nirindra sy nilamina ny fiaraha-monina ; afaka nitsabo tena ny rehetra; nahatratra 30 000 km ny làlana afaka nifamezivezen'ny olona sy ny vokatra; niroborobo ny asa vaventy sy ny fanamboarana toha-drano izay mbola lovain'ny Tant- saha mpamokatra mandrak'ankehitriny...**



*Afaka manamarina ireo Raiamandreny sy Zokiolona fa nilamina sy nandroso ny fiainan'ny Malagasy nandritra ny fitondran'i Dadabe Tsiranana. Ny Politikan'ny kibo sy ny fampiharana ny Décentralisation na Fitsinjaram-pahefana tena izy, nolovaina tamin'i Rain'ny Fahaleovantena, no entintsika mamerina indray an'i Madagasikara ho Nosy Sambatra".*

### DEAL, làlan-tokana mankany amin'ny fampandrosoana

Ny DEAL na Dina sy Ezaka Ametrahana Lovasoa (1) no vinam-piaraha-monina aroson'i Siteny Randrianasoloniaiko ho fanarenana an'i Madagasikara ary amerenana azy ho Nosy Sambatra indray. Mialohan'ny nandrafetana ny DEAL dia nitety toerana maro manerana ny Nosy i Siteny
Randrianasoloniaiko sy ny mpiara-miasa aminy, mba hahafantarana ny tena olana mianjady amin'ny faritra sy ny vahaolana avy amin'ny mponina. Izany no anton'ny MIHAVA TOUR (MIHaino Antsika VAhoaka).

Toy ny tao-trano dia aorina aloha ny fototra (socle) ijoron'ny DEAL dia tsy inona izany fa
ny fametrahana fanjakana tsara tantana (**Bonne gouvernance, transparence, lutte
contre la corruption**) izay miankina amin'ireto :
+ ny fananganana Fanjakana tan-dalàna (**Etat de Droit**)
+ fanapariahana ny teknolojia nomerika eo amin'ny fitantanam-panjakana (**Digitalisation**).
+ fandraisan'andraikitry ny rehetra (**Responsabilité**)

Ny vatofehizoro iankinan'ny rindrina efatra dia :
1- Ny fanapariahana ny **Sosialim-bahoaka**
2- Ny fanamafisana ny **Fiandrianam-pirenena**
3- Ny fanajariana ny **Tany sy ny fotodrafitrasa**
4- Ny fampivoarana ara-**toe-karena**
Ny **Fitsinjaram-pahefana** (Décentralisation) kosa no vovonana iadian'ny lohany sy ifaharan'ny fampandrosoana isam-paritra. Ny akora fototra ampiasaina amin'ny dingana fanarenana rehetra, toy ny simenitra mampiray ny trano dia ny loha-hevitra hoe
**NY MALAGASY ALOHA.**
(1) DEAL = Développement Efficient Ancré Localement amin'ny teny frantsay - Development Efficiency Anchored Locally amin'ny teny anglisy.

Ianao mpifidy no tompon'ny fahefana. Miankina aminao ny ho avin'i Madagasikara.

**FIDIO NY KANDIDA #13**
**SITENY RANDRIANASOLONIAIKO**




## NY MALAGASY ALOHA

## FITSINJARAM-PAHEFANA

**Kaominina kitro ifaharan'ny fandrosoana mahomby eny ifotony**

**FANDRINDRANA NY FITONDRANA ENY IFOTONY ◇ FANENTANANA NY TOEKARENA ENY IFOTONY ◇ FIAROVANA NY SOSIALIM-BAHOAKA SY NY TONTOLO IAINANA ENY IFOTONY**

**RAFITRA & FOMBA FIASA**

**FIANDRIANAM-PIRENENA**
- Fiarovana sy fandriam-pahalemana
- Fitantanam-bola
- Fifandraisana amin'ny any ivelany

**FANAVAOZANA ARA-TSOSIALY**
- Fanabeazana, fanofanana ara-tekinika sy arak'asa
- Miralenta
- Asa mendrika
- Fampahalalam- baovao , fifandraisana, kolontsaina ary ny maha-Malagasy
- Fahefa-mividy
- Fiahiana ara-tsosialy
- Fahasalamana sy fahalavorariam-piainana
- Fanatanjahan-tena sy fialam-boly

**FANAJARIANA NY TANY SY FOTODRAFITRASA**
- Rano, fanajariana sy fidiovana
- Angovo
- Tontolo iainana
- Fifandraisan-davitra
- Fitaterana
- Asa vaventy
- Toeram-ponenana sy tanan-dehibe

**FANAVAOZANA ARA- TOEKARENA**
- Harena manga
- Fambolena sy fiompiana
- Indostria sy varotra
- Indostrian'ny fanapariaham-baovao sy ny teknolojia
- Fizahan-tany sy asa tanana
- Harena ankibon'ny tany
- Fikarohana

**RINDRINA IFAHARANA**

**TSARA TANTANA ◇ MANGARAHARA ◇ ADY AMIN'NY KOLIKOLY**

**TAN-DALANA ◇ ARA-KAJY MIRINDRA ◇ FANDRAISANA ANDRAIKITRA**

**FOTOTRA IJOROANA**


Telma
BLACK
NOVEMBER
CE MOIS-CI ON CASSE LES PRIX !
Telma Net ONE WEEK 1 Go*
I-FEEL PRIME
129 000
99 000 Ar TTC
Telma Net ONE WEEK 2 Go*
S PRIME
389 000
249 000 Ar TTC
(*) Bonus renouvelable par mois pendant 06 mois
RENDEZ-VOUS VITE
en TELMA SHOP et sur WWW.ZOMA.MG
Offre valable jusqu'au 30 novembre
www.telma.mg
Telma Madagascar
ZOMA MARKETPLACE